# Torolàlana mora ampiharina novolavolain'ny BIT mikasika ny VIH/SIDA sy ny tontolon'ny asa

Bureau International du Travail
Genève

# Torolàlana mora ampiharina novolavolain'ny BIT mikasika ny **VIH/SIDA** sy ny tontolon'ny asa

Birao iraisam-pirenena momba ny Asa Genève

**Fanoroam-pejy**


**Teny fanolorana** 5

**Tanjona** 7

**Fampiasana azy** 7

**Sehatra ampiharana azy sy voambolana nampiasaina** 8
Sehatra ampiharana azy 8
Voambolana nampiasaina 8

**Fitsipika fototra ankapobeny** 10

Fanekena fa ny VIH/SIDA dia olana tsy afa-miala amin'ny toeram-piasana 10
Tsy fanavakavahana 10
Fitoviana eo amin'ny lahy sy ny vavy 10
Toeram-piasana ara-pahasalama 11
Fifanakalozan-kevitra 11
Fitiliana ny tsimokaretina handroahana sy tsy handraisana mpiasa 11
Tsiambaratelo 11
Fanohizana ny asa 11
Fisorohana 11
Fiantsorohana sy fanohanana 12

**Zo sy andraikitra ankapobeny** 12
Fitondram-panjakana sy mpitondra mahefa 12
Ny mpampiasa sy ny fikambanana misy azy 15
Ny mpiasa sy ny fikambanana misy azy 18

**Fisorohana amin'ny alalan'ny fampahalalana sy fanabeazana** 20
Fotoana fanomezam-baovao sy fanentanana 20
Fandaharanasam-panabeazana 21
Fandaharanasa mifantoka amin'ny tarika enti-manavaka 22
Fifandraisana amin'ireo fandaharanasa mampiroborobo ny fahasalamana 23
Fepetra amporisihana ny fiovam-pitondran-tena 23
Fandaharanasa eo anivon'ny vondrombahoaka 24

**Fanofanana** 24
Fanofanana ny mpitantana sy ny mpitantsoroka ary tompon'andraikitry ny fitantanana ny mpiasa 25

Fanofanana mpanabe hanofana mpanabe 25
Fanofanana ny solontenan'ny mpiasa 26
Fanofanana ny mpiasan'ny fahasalamana sy ny fiarovana 26
Fanofanana ny mpisafo ny asa 27
Fanofanana ny mpiasa mikirakira rà sy tsiranoka avy amin'ny tenan'olombelona 28

**Fitsirihana ny VIH** 28
Fandraisana mpiasa sy asa 29
Fiantohana 29
Fanaraha-maso ny fihanaky ny valanaretina 29
Fitsirihana an-tsitrapo 29
Fitsirihana sy fitsaboana atao raha nisy fikirakirana rà na tsiranoka avy amin'ny tenan'olombelona nandritra ny asa natao 30

**Fiantsorohana sy fanohanana** 30
Fitovian'ny fitsaboana atao amin'ny VIH/SIDA sy ny areti-mandoza hafa 30
Torohevitra 31
Sampandraharam-pahasalamana momba ny asa 32
Fifandraisana amin'ireo vondrona fifanampiana sy ny vondron'olona any amin'ny vondrombahoaka 32
Fanampiana ara-bola 32
Fiahiana sosialy 33
Fanajana ny fiainan'isam-batan'olona sy tsiambaratelo 33
Fandaharanasam-panampiana ny mpiasa sy ny fianakaviany 33

*Takila fanampiny*
Ireo seha-kevi-dehibe mikasika ny valanaretina sy ny vokadratsiny 36
Ady atao amin'ny aretina any an-toeram-piasana 42
Lisitry ny fanaraha-maso ho fandrindrana sy fampandehanana ny tetikady momba ny VIH/SIDA any an-toeram-piasana 44
Tahirin-kevitra avy amin'ny BIT 46
Torolàlana iraisam-pirenena sy anivon'ny firenena mikasika ny VIH/SIDA 49
Fehezan-dalàna sy torolàlana arakaraka ny seha-pamokarana 52
Fitaovam-panabeazana sy fampitam-pahalalana notsongaina 56

Teny fanolorana

Noho ny fihanaky ny valanaretina VIH/SIDA dia heverina ho toy ny olana iraisam-pirenena izy io ankehitriny. Anisan'ny fanamby lehibe atrehin'ny fampandrosoana sy ny fampivoarana ny fari-piainan'ny mpiara-monina io valanaretina io. Any amin'ireo firenena tena voa mafy, dia toa very an-jambany ny ezaka fampandrosoana natao nandritra ny ampolotaona maro : potika ny toe-karena, tandindomin-doza ny fandriampahalemana ary miozongozona ny firaisan-kinan'ny mpiara-monina. Any Afrika atsimon'i Sahara, izay efa ahatsapana ny fiantraikan'ny fandravana, ny valanaretina dia mitaky ny handraisana fepetra maika sy hentitra.

Ankoatra ny fijaliana aterany amin'ny tsirairay sy ny fianakaviany, dia manimba tanteraka ny lambanam-pihariana sy ny fampandrosoana sosialy ny valanaretina. Loza mitatao ho an'ny tontolon'ny asa ny VIH/SIDA : asiany ny sokajin'ny mpiasa tena mamokatra hany ka mihena mihena ny vokatra azo, mampidangana izay tsy izy ny vola mivoaka amin'ny orinasa eo amin'ny seha-pamokarana samihafa noho ny fitotongan'ny famokarana ; mitombo ny mason-karena ary mihen-danja ny fahaiza-manao sy ny traikefan'ny mpiasa. Loza mitatao amin'ny ny zo fototry ny tsirairay hanana asa noho ny fanavakavahana sy fanalam-baraka mihatra amin'ny mpiasa na ny olona mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA na ireo olona voakasik'io aretina io. Ireo sokajin'olona mora andairan'ny aretina, toy ny vehivavy sy ny ankizy, no tena voa mafy satria manamafy ny tsy fitoviana eo amin'ny lahy sy ny vavy izy no mampitombo ny olana momba ny fampiasana ny ankizy.

Izany no nahatonga ny BIT nanao ezaka lehibe tamin'ny famoahana ity amboara torolàlana mora ampiharina mikasika ny VIH/SIDA sy ny tontolon'ny asa ity. Torolalàna tokony ho fitaovana entina hamerana ny fihanaky ny valanaretina, hanalefahana ny fiantraikany eo amin'ireo mpiasa sy ny fianakaviany, hamolavolana fomba fiahiana ara-tsosialy hiatrehana ny aretina. Mitanisa ny fitspika fototra iorenan'ny ady atao amin'ny valanaretina eo an-toeram-piasana ihany toy ny fanekena fa ny VIH/SIDA dia olana tsy afa-misaraka amin'ny toeram-piasana ; ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny mpiara-monina ; ny tsy fanavakavahana, ny fitoviana eo amin'ny lahy sy ny vavy, ny fisorohana sy ny fitiliana aretina, ny tsiambaratelo, ny fiantsorohana sy ny fanohanana ireo olona voakasiky ny aretina na voadona mafy noho izany.

Vokatry ny fiaraha-miasa akaiky dia akaiky teo amin'ny BIT sy ny mpanome fahefana telo tonta, ny fandraisan'anjaran'ireo mpifarimbona iraisam-pirenena ity amboara ity. Manome torolàlana mora ampiharina tsy misy toa azy amin'ny mpanapaka, ny fikambanan'ny mpampiasa sy mpiasa sy ireo miara-miasa aminy. Tokony ho fampiasa amin'ny famolavolana sy ny fampandehanana fandaharanasa sy fepetra fisorohana sy fiantsorohana mifanaraka amin'ny zava-

misy eny an-toeram-piasana, amin'ny fandrafetana paikady ho an'ireo mpiasa eny amin'ny sehatrasa tsy manara-dalàna. Anjara biriky entin'ny BIT amin'ny ezaka maneran-tany iadiana amin'ny VIH/SIDA ity amboara ity.

Resy lahatra izahay fa ity « fehezan-dalàna » ity dia ahafahana mametraka ireo fepetra ilaina amin'ny fahamendrehan'ny asa manoloana izao olona goavana atrehin'ny zanak'olombelona sy ny fampandrosoana izao. Maro ireo lesona notsoahina avy amin'ny fiatrehana ity olana ity. Misy firenena vitsivitsy nahasakana ny fihanaky ny valanaretina sy nanalefaka ny fiantraikany teo amin'ny olona tsirairay sy ny vondrombahoaka. Anisan'ny zavatra tsara nisongadina ny fanekena fandraisana andraikitra nasehon'ireo mpitondra fanjakana, ny fomba fijery marolafy, ny fiombonan'antoka amin'ny fiarahamonin'olon-tsotra sy ireo olona mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA, ny fanabeazana.

Ny fitsipika fototra hita ato anatin'ity amboara ity dia miresaka ireo zavatra rehetra voalaza eo ambony ireo ka ny fahatokisana ny fiaraha-mientanan'ireo mpifarimbona no iankinan'ny fanatanterahana izany.

Ity tahirin-kevitra ity, izay mpisava làlana, mibanjina ny ho avy, dia mivaofy ireo olana miseho ankehitriny no sady mitady vaha olana amin'izay mety ho fiantraikan'ny valanaretina sy ny voka-dratsiny eo amin'ny tontolon'ny asa. Mihevitra ny OIT fa ity amboara ity dia fanamafisan'orina ireo fifanekena iraisam-pirenena na fifanekena natao tamina firenena iray hiarovana ny zo sy ny hasin'ny mpiasa sy ireo olona mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA.

Genève, jona 2001. Juan Somavia,

Tale Jeneraly.

# 1. Tanjona

Ny tanjon'ity amboara ity dia ny hanome torolàlana ankapobeny mikasika ny valanaretina VIH/SIDA eo anivon'ny tontolon'ny asa ary tafiditra ao anatin'ny sehatry ny fampivoarana ny atao hoe fahamendrehan'ny asa. Ireto avy ireo sehatrasa voakasik'izany :

a) fisorohana ny VIH/SIDA;
b) fitantanana sy fanalefahana ny fiantraikan'ny valanaretina eo amin'ny tontolon'ny asa;
d) fiantsorohana sy fanohanana ireo mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA na voadona mafy noho izany.
e) famongorana ny fanalam-baraka sy ny fanavakavahana noho ny fisian'ny tsimokaretina VIH na ny ahiahy fotsiny ihany aza ny fisian'izany tsimokaretina izany.

# 2. Fampiasana azy

Tokony ampiasaina ity amboara ity hahatongavana amin'ireo tanjona voalaza eo ambony amin'ny alalan'ny:

fandraisana fepetra mivaingana eo anivon'ny orinasa, eo anivon'ny vondrombahoaka, ny faritra, ny seha-pamokarana samihafa, ny firenena sy iraisam-pirenena;

fampivoarana ny fifanakalozan-kevitra, ny fifampidinihana, ny fifampiraharahàna sy ny fiaraha-miasa eo amin'ny mpitondra fanjakana, ny mpampiasa sy ny mpiasa ary ny solontenan'izy ireo avy, ny mpiasan'ny fahasalamana momba ny asa, manam-pahaizana manokana mikasika ny VIH/SIDA, ireo mpifarimbona voakasik'izany, ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana, ny fikambanana eny anivon'ny vondrombahoaka;

d) fampandehanana ny zava-boalaza ato anatin'ity amboara hiarahana amin'ireo mpifarimbona :

- ny fanaovan-dalàna, ny paikady sy ny fandaharanasam-pirenena ;
- eny amin'ny toeram-piasana/ny orinasa ;
- ny paikady sy ny drafitrasa ampiharina eny an-toeram-piasana.

# 3. Sehatra ampiharana azy sy ny voambolana ampiasaina

## 3.1 Sehatra ampiharana azy

Ity amboara ity dia mihatra amin'ny :

mpampiasa sy ny mpiasa rehetra (ao anatin'izany ireo olona mitady asa) eny amin'ny sehatrasa miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana;
asa isan-tsokajiny rehetra na manara-dalàna na tsy manara-dalàna.

## 3.2 Voambolana ampiasaina

*VIH (Virus Immunodéficience Humaine)* : tsimokaretina mampihena ny hery fiarovana ao amin'ny tenan'olombelona, miafara amin'ny aretina SIDA

*Olona voadona mafy noho ny VIH/SIDA* : olona voakasiky ny aretina VIH/SIDA ny androm-piainany na ahoana na ahoana ny fomba isehoan'izany.

*SIDA* : fihenan'ny hery fiarovana ao amin'ny tenan'olombelona, ahitana soritra fitambaran'aretina maromaro manararaotra io fihenan'ny hery fiaovana io ary tsy mbola tsy mbola ahitam-panafana hatramin'izao.

*Fanavakavahana* : raisina araka izay namaritana azy ao anatin'ny fifanekena (n° 111) mikasika ny fanavakavahana (anton-draharaha sy asa) nivoaka ny taona 1958 ka ampiharina amin'ny sata VIH na dia ahiahy fotsiny ihany aza izany sata izany sy amin'ny sori-pitondran-tena arahina eo amin'ny fanaovana firaisana ara-nofo.

*Sembana* : olona heverina fa kely dia kely ny fahafahany ahita asa na hitàna asa antonona azy na hisondrotra amin'izany asa izany noho ny hasembanana ara-batana na ara-tsaina mibaribary araka izay voarakitra ao amin'ny fifanekena n° 159 - taona 1983 momba ny fanazarana sy ny famerenana eo amin'ny asa sy ny fampiasana ny olona sembana.

*Mpampiasa* : olona na fikambanana mampiasa olona amin'ny alalan'ny fanaovana fifanekena amin'ny asa na an-tsoratra na am-bava ka mamaritra ny zo sy ny andraikitry ny tsirairay araka ny lalàna velona sy ny fampiharana eo anivon'ny firenena. Azo heverina ho toy ny mpampiasa ny fitondram-panjakana, ny tompon'andraiki-panjakana, ny orinasa tsy miankina amin'ny fanjakana na ny olon-tsotra.

*Sampan-draharaham-pahasalamana momba ny asa* : sampan-draharaha misahana manokana ny fisorohana sy ny fanomezana torohevitra ho an'ny

mpampiasa, ny mpiasa sy ny solontenan'izy ireo ao amin'ny orinasa mikasika ireo fepetra takiana hahazoana mitandro hatrany ny fahadiovan'ny toerampiasana sy fomba fiasa ara-pahasalamana, antoky ny fahasalaman'ny vatana sy ny saina ( fifanekena n° 161 - 1985). Manoro hevitra ihany koa io sampandraharaha io mikasika ny asa tokony ampandraiketina ny mpiasa arakaraka ny toe-pahasalamana na ara-batana na ara-tsaina.

*Fandaminana ara-drariny* : fandaminana na fampifanarahana ny asa na ny tontolon'ny asa amin'izay mety ho tanteraky ny olona mitondra ny tsimokaretina VIH na voan'ny SIDA mihitsy aza mba hahafahany miasa sy mahazo fisondrontana.

*Fitiliana* : fomba famantarana ny aretina, mivantana (fitsirihana ny tsimokaretina VIH) na an-kolaka (fanombanana ny fitondran-tena mety hampidi-doza) na amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana an-tsoratra mikasika ny fitsirihana efa vita na ny fitsaboana narahina.

*Filahiana/fivaviana - tarika enti-manavaka* : misy ny tsy fitoviana araboajanahary sy ara-tsosialy eo amin'ny lahy sy ny vavy. Ny tsy fitoviana araboajanahary (ny filahiana sy ny fivaviana) dia ny fahasamihafana ara-batana ; ny tarika enti-manavaka kosa dia avy amin'ny ny tsy fitovian'ny andraikitra sy adidy sahanin'ny lahy sy ny vavy eo anivon'ny fiaraha-monina. Ny anjara toeran'ny lahy sy ny vavy dia vokatry ny rafi-piaraha-monina ary miovaova araka ny kolontsaina. Izany anjara toerana izany dia voamariky ny taona, ny saranga, ny firazanana, ny fihaviana, ny fivavahana sy ny faritra itoerana, ny politika ary ny toe-karena.

*I S T (Infections Sexuellement Transmissibles)* : areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana toy ny tety, vay, angatra …

*Fandroahana* : fandroahana ataon'ny mpampiasa araka izay voafaritra ao amin'ny fifanekena (n° 158) mikasika ny fandroahana mpiasa (1982).

*Fitandremana iombonana maneran-tany* : fitsipika tsotsotra entina misoroka ny fifindran'ny aretina sy hampihenana ny fahazoana ny tsimokaretina avy amin'ny alalan'ny rà (jereo takila fanampiny II).

*Mpiasa amin'ny sehatrasa tsy manara-dalàna* : hazavaina ao amin'ny takila fanampiny I.

*Solontenan'ny mpiasa* ; mifanaraka amin'ny fifanekena iraisam-pirenena momba ny asa (n° 135 - 1971) mikasika ny solontenan'ny mpiasa : olona ekena ho mpiasa araka ny lalàna manan-kery na araka ny fombafomba mahazatra ilay firenena ka na : solontenan'ny sendika voatendry na voafidin'ny sendika na ny mpikambana ao amin'ny sendika ; solontenan'ny mpiasa, izany hoe solontena

nofidian'ny mpiasan'ny orinasa tan-kalalahana mifanaraka amin'ireo fepetran'ny lalàna ao amin'ilay firenena na ny fifanekena itambarambe ka ny asa tontosain'izy ireo dia tsy mifanitsaka velively amin'ny asa natokana ho sahan'ny sendika.

*Fahamoram-pahavoazana* : hilazana ny tsy fananam-pahefana na eo amin'ny lafiny fiarian-karena izany na eo amin'ny lafiny sosialy, ny toe-java-misy eo amin'ny lafiny kolontsaina, ny fepetra enti-manatanteraka ny asa ka mety hampitombo ny loza mitatao amin'ny mpiasa, ny toe-java misy mety hitarika ny zaza hiasa. (takila fanampiny I).

# 4. Fitsipika fototra ankapobeny

### 4.1 Fanekena fa ny VIH/SIDA dia olana mifandray amin'ny toeram-piasana

Ny VIH/SIDA dia olana tsy afa-misaraka amin'ny toeram-piasana ka tokony heverina ho toy ny aretina hafa na toe-java-manahirana diavin'ny toeram-piasana. Ilaina tokoa izany satria ny mpiasa no voakasiky ny VIH/SIDA ary ny toeram-piasana izay ao anatin'ny vondrombahoaka dia manana anjara toerana lehibe amin'ny ady atao amin'ny fihanaky ny valanaretina sy ny voka-dratsy aterany.

### 4.2 Tsy fanavakavahana

Araka ny hevitra fonosin'ny antsoina hoe fahamendrehan'ny asa, ho fanajana ny zon'olombelona sy ny hasin'ireo olona mitondra ny tsimokaretina VIH na voan'ny SIDA dia tokony tsy hisy ny fanavakavahana azy ireo na dia ahiahy fotsiny aza izany fitondrana ny tsimokaretina izany. Sakana eo amin'ny ezaka enti-misoroka ny VIH/SIDA ny fanavakavahana sy ny fanalam-baraka ireo sokajin'olona ireo.

### 4.3 Fitoviana eo amin'ny lahy sy ny vavy

Tokony ho ekena ny fahasamihafan'ny fiantraikan'ny VIH/SIDA eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy. Noho ny toe-batana ara-boajanahary, noho ny toerana ametrahana azy eo amin'ny fiaraha-monina sy eo amin'ny fiharian-karena, dia mora andairan'ny aretina kokoa ny vehivavy. Raha toa ka mbola mibahana ny fanavakavahana miorina amin'ny maha-lahy na ny maha-vavy ary raha mbola ivaivaina ny toerana ametrahana ny vehivavy eo amin'ny fiaraha-monina, dia mbola ho mora andairan'ny tsimokaretina hatrany izy ireo. Noho izany, mba hisakananana ny fihanaky ny tsimokaretina sy mba hahafahan'ny vehivavy miatrika ny VIH/SIDA, dia ilaina ny hisian'ny fitoviana eo amin'ny fifandraisanan'ny lahy sy ny vavy sy ny fanatsarana ny toe-piainan'izy ireo.

### 4.4 Toeram-piasana ara-pahasalamana

Mba hisorohana ny fifindran'ny VIH/SIDA dia tokony ho azo antoka sy ara-pahasalamana araka izay azo atao ny toerana iasana (fifanekena n° 155 mikasika ny fiarovana ara-pahasalamana ny mpiasa - 1981).

Mitondra fahasalamana ara-batana sy ara-tsaina ny toeram-piasana madio sy mahafinaritra ary ahazoana mandrindra ny asa arakaraka ny fahafaha-manao sy ny toe-pahasalaman'ny mpiasa tsirairay.

### 4.5 Fifanakalozan-kevitra

Mba hisian'ny fahombiazana eo amin'ny fampandehanana ny tetikady sy ny fandaharanasa mikasika ny VIH/SIDA dia tokony hisy ny fiaraha-miasa sy ny fifampitokisana eo amin'ny mpampiasa sy ny mpiasa, ny solontenan'izy ireo avy, ary ny fitondram-panjakana, raha ilaina. Tsara ihany koa ny fampandraisana andraikitra mavitrika ireo mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH na voan'ny SIDA amin'ny fampandehanana ny fandaharanasa mikasika ny VIH/SIDA.

### 4.6 Fitiliana ny tsimokaretina tsy andraisana mpiasa

Tsy tokony hoterena hanao fitiliana ny VIH/SIDA ireo olona mangataka asa na ny efa eo am-perinasa.

### 4.7 Tsiambaratelo

Tsy misy mihitsy antony hanerena ny mpitady asa na ny am-perinasa hamosaka trangan-javatra mifandray amin'ny tsimokaretina VIH. Tsy misy mpiasa, na iray aza, azo terena hamoaka tsiambaratelon'izay mpiasa fantany fa mitondra ny tsimokaretina VIH, na hilaza izany amin'ny mpiasa hafa. Ny fahazoana mijery ny antontan-taratasim-pahasalamanan'ny mpiasa iray mitondra ny tsimokaretina VH dia tokony hanaja ny fitsipika mifehy ny tsiambaratelo, voarakitra ao amin'ny amboara torolàlan'ny BIT mikasika ny fiarovana ny antontan-taratasy milaza ny mombamomba ny mpiasa, nivoaka ny taona 1997.

### 4.8 Fanohizana ny asa

Ny fitondrana ny tsimokaretina VIH dia tsy antony handroahana mpiasa. Ireo olona ahitana ny soritraretina mifandray amin'ny VIH dia tokony ho afa-manohy ny asany hatrany raha toa ka mbola manana ny toe-pahasalamana hahatanterahana ny asa mifanaraka amin'ny toe-pahasalamany izy.

### 4.9 Fisorohana

Azo atao ny misoroka ny fitondrana ny tsimokaretina VIH. Azo atao koa ny misoroka ny fomba fifindran'ny tsimokaretina amin'ny endriny rehetra amin'ny alalan'ny fametrahana paikady mifananaraka amin'ny toe-java-misy sy ny

kolontsaina manokana hita eo amin'ny firenena.

Azo atao ny manamafy orina ny fisorohana amin'ny alalan'ny fanovana ny fitondran-tena, ny fanatevenam-pahalalana mandritra ny fitsaboan-tena, ary ny fametrahana tontolo iainana tsy misy fanavakavahana.

Ny mpifarimbonasa eo amin'ny sehatra sosialy dia manana andraikitra lehibe eo amin'ny fampiroboroboana ny ezaka fisorohana, indrindra fa mikasika ny fiovan-toetra sy ny fitondran-tena, ny fanofanana, ny fanabeazana sy ny hetsika rehetra tokony ho tanterahana na eo amin'ny lafiny fiaraha-monina izany na eo amin'ny lafiny toe-karena.

### 4.10 Fiantsorohana sy fanohanana

Firaisankina, fiantsorohana sy fanohanana no tokony hanovozan-kevitra amin'ny famaritana ireo fepetra rehetra tokony ho raisina manoloana ny VIH/SIDA eny an-toeram-piasana.

Manan-jo hanatona ny sampan-draharaham-pahasalamana ny mpiasa tsy an-kanavaka. Tsy azo atao ny manavakavaka ireo mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH sy ny olona iantsorohany amin'ny fanampiana ara-bola ho fitsinjovam-piainana sy amin'ny fitsipika mifehy ny asa

# 5. Zo sy andraikitra ankapobeny

### 5.1 Fitondram-panjakana sy mpitondra mahefa

*a) Ffandrindran-kevitra*. Adidin'ny fitondram-panjakana ny manara-maso ny fifandrindran-kevitra eo amin'ny paikady sy ny fandaharanasa enti-miady amin'ny VIH/SIDA. Tokony ho ekena fa zava-dehibe ny fandraisan'ny tontolon'ny asa anjara amin'ireny fandaharanasam-pirenena ireny. Ohatra, tokony ahitana ny solontena avy amin'ny mpampiasa, ny mpiasa, ny olona mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA, ny solontena avy amin'ny ministera misahana ny sosialy sy ny asa ireny filankevipirenena miady amin'ny SIDA ireny.

*b) Fandraisan'anjara marolafy*. Ny mpitondra mahefa ho fiarovana sy ho fisorohana dia tokony hanangana sy hanohana farimbonanasa mivelatra amin'ny fikambanana tantan'ny fanjakana, ny sehatrasa tsy miankina, ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa, ny fikambanana tsy miankina mba hahamaro ny mpifarimbona eo amin'ny tontolon'ny asa.

*d) Fandrindrana.* Ny fitondram-panjakana dia tokony hanamora sy handrindra ny hetsika miompana amin'ny tontolon'ny asa noraisina anivon'ny firenena mba

hitondra tombontsoa ny fandraisan'ny mpifarimbona sy ny mpiatrikasa rehetra voakasik'izany anjara. Ny fandrindrana dia tokony hiorina amin'ny fepetra sy ny sampandraharaha-panohana efa misy.

*e) Fisorohana sy fampivoarana ny fahasalamana.* Ny mpitondra mahefa, miara miasa amin'ny mpifarimbonasa dia tokony hampirisika sy hampiroborobo ny fandaharanasa entina manentana sy misoroka, indrindra fa eny anivon'ny toeram-piasana.

*f) Torolàlana ara-pahasalamana.* Tokony hisy ny torolàlana omen'ny governemanta ho an'ireo orinasa izay miandraikitra mivantana ny fitsaboana ny mpiasa ao aminy ho fanampiana ireo orinasa ireo amin'ny ny fikarakarana sy ny fitantanana ny fitsaboana ny VIH/SIDA. Izany torolàlana izany dia tokony hirindra amin'ny sampandraharaha-pahasalamana misy eo an-toeram-piasana.

*g) Fiahiana sosialy.* Tokony hisy ny fanaraha-maso avy amin'ny mpitondra fanjakana sao misy ny mizana mitanila eo amin'ny fanampiana ara-bola feran'ny lalàna manan-kery ho an'ireo olona mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA sy ireo tratry ny aretin-dratsy hafa. Raha mamolavola sy mametraka rafitra fitsinjovam-piainana ny fitondram-panjakana dia tokony hahatsapa fa misoko mangina sy mitsitapitapy ny SIDA ka mety raha ampifanarahana amin'ny toe-javatra miseho ny rafitra. Ohatra, manomana fanampiam-bola arakaraka ny tinadin'ny olona no sady mikarakara amin'ny zoto-po ny fangatahana fanampiana.

*h) Fikarohana.* Tokony hampirisika, hanohana ary hanatanteraka fikarohana ny fitondram-panjakana ka hampahafantatra ny vokatry ny fikarohana mba hisian'ny fifanjohin'ireo fandaharanasam-pirenena miady amin'ny VIH/SIDA sy hisian'ny fientanan'ireo mpifarimbona hahazoana mamaritra ny vola lany amin'ny ady atao amin'ny valanaretina eny an-toeram-piasana sy hahamora ny fametrahana rindran-damina manalefaka ny fiantraikan'ny SIDA eo amin'ny fiaraha-monina sy ny toe-karena. Tokony ho ao anatin'ny fikarohana atao ny vinavinan'ny fitombon'ny mponina, ny fanadihadiana mikasika ny hery fandairana sy ny fiantraikan'ny VIH/SIDA, ny fanadihadiana tranga mikasika ny fomba fanao tsara indrindra. Tokony ho raisin'ny mpitondra fanjakana andraikitra ny fametrahana ny rafitra sy ny didy amam-pitsipika hifehy ny fikarohana. Tokony ho hita ao anatin'ny fikarohana ny fanadihadiana miorina amin'ny anjara asan'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fiaraha-monina, ny fikirakirana ny tondro marika omen'ny mpampiasa sy ny mpiasa ary ny fikambanana misy azy ireo avy, Araka izay azo atao, ireo tondro marika voaray dia tokony aely arakaraka ny sehatra na faritra, ny maha lahy na ny maha vavy, ny firazanana, ny sori-dàlana arahina eo amin'ny fanaovana firaisana ara-nofo, ny taona, ny anton-draharaha sy ny toe-java iainana eo amin'ny asa ary ny

kolontsaina. Raha azo atao dia tokony hametraka rafi-pandaminana maharitra hahafahana mananara-maso ny zava-misy.

*i) Loharanom-bola.* Ny fanjakana mifampidinika amin'ny mpifarimbonasa eo amin'ny sehatra sosialy sy ny mpandray anjara voakasik'izany dia tokony hanombanana ny vola ampiasaina sy mety ho lany amin'ny ady amin'ny VIH/SIDA, hitady ny fomba ampiasana ny loharanom-bola avy eo an-toerana sy avy any ivelany ho fampandehanana ny paikadim-pirenena sy ny rafitra fitsinjovam-piainana.

*j) Fanaovan-dalàna.* Mba hamongorana ny fanavakavahana sy mba hisian'ny fisorohana eny an-toeram-piasana, ho fanamafisan'orina ny fiahiana sosialy, ny fanjakana, rehefa avy nifampidinika tamin'ireo mpifarimbona sy manam-pahaizana manokana mikasika ny VIH/SIDA dia tokony hametraka rafi-dalàna amam-pitsipika na manao fanitsiana ny lalàna mifehy ny asa raha toa ka ilaina ny fanaovana izany.

*k) Fepetra takian'ny fanampiana avy amin'ny fanjakana.* Fepetra takian'ny fanampiana ara-bola avy amin'ny fanjakana, amin'ny fananganana orinasa tantanin'ny tera-tany na tantanin'ny vahiny, ny fankatoavana ny lalàna velona sy ny torolàlana voarakitra ato anatin'ity amboara ity, ny paikady sy ny fehezan-dalàna manome hery ny andinindininy voalaza ato.

*l) Fampiharana.* Ny mpitondra mahefa dia tokony hanome vaovao sy torohay ara-tekinika avy ho an'ny mpampiasa sy ny mpiasa hahafahan'izy ireo mankatò araka ny tokony ho izy ny lalàna sy ny fepetra fampihatra mikasika ny VIH/SIDA eny an-toeram-piasana. Tokony hamafisina sy hatsaraina ny rafitra sy ny fomba ampiharana izany toy ny sampan-draharaha misahana ny fisafoana ny asa, ny fitsarana na ny antokom-pitsarana misahana ny asa.

*m) mpiasa any amin'ny sehatrasa tsy manara-dalàna.* Mba hivelaran'ny fisorohana ny VIH/SIDA amin'ireo sokajina mpiasa ireo, ny fitondram-panjakana dia tokony handrindra sy hampivelatra ny fandaharanasa sy hitady fomba ahazoana fidiram-bola sy fiahiana sosialy. Tokony handrafitra sy hamolavola, miaraka amin'ny vondrombahoaka eo an-toerana, fomba fiasa vaovao mifanaraka amin'ny tinadin'ny sehatrasa tsy manara-dalàna.

*n) Fanalefahana ny fiantraikan'ny SIDA.* Ny fitondram-panjakana dia tokony hanome vahana ny fikarakarana sy ny fanohanana amin'ny alalan'ny fandaharanasa misahana fahasalamam-bahoaka, ny fiahiana sosialy sy ny hetsika hafa mifandray amin'izany. Tokony hiezaka ihany koa hiantoka ny fitsaboana ary raha ilaina, dia mifarimbonana amin'ny mpampiasa sy ny fikambanan'ny mpiasa amin'ny fanatanterahana izany.

*o) Ankizy sy tanora.* Ny fandaharanasa volavolain'ny fitondram-panjakana

mikendry ny hamongotra ny fampiasana ankizy, dia tokony hijery akaiky ny fiantraikan'ny VIH/SIDA eo amin'ny ankizy sy tanora manana ray aman-dreny marary na matin'ny SIDA.

*p) Fiaraha-miasa isam-paritra sy iraisam-pirenena.* Ny fitondram-panjakana dia tokony hampiroborobo ny fiaraha-miasa isam-paritra sy iraisam-pirenena, amin'ny alalan'ny sampandraharaham-panjakana sy ny mpifarimbona manandanja mba hifantohan'ny hetsika iraisam-pirenena amin'ny ady atao amin'ny ady atao amin'ny VIH/SIDA sy amin'ny tinadin'ny tontolon'ny asa.

*r) Fanampiana iraisam-pirenena* . Ny fitondram-panjakana dia tokony hiantso ny fanampiana iraisam-pirenena hanohana ny fandaharanasam-pirenena.Tokony hampirisika ny hetsika manohana ny fientanana iraisam-pirenena mikendry ny hampihena ny vidin'ny fanafody « antirétroviraux » sy hanamora ny fahazoana izany.

*s) Fahamoram-pahavoazana*. Ny fitondram-panjakana dia tokony handray ny fepetra hamantarana ireo sokajina mpiasa mora andairan'aretina ka hanomana paikady enti-misoroka ireo antony mahatonga ny fahamoram-pahavoazana ary handray andraikitra feno amin'ny fampandehanana ny fandaharanasa entimisoroka sahaza ireo sokajin'olona ireo.

## 5.2 Ny mpampiasa sy ny fikambanana misy azy

*a) Tetikady eny an-toeram-piasana*. Ny mpampiasa dia tokony hifampidinika amin'ny mpiasa sy ny solontenany amin'ny famolavolana sy ny fametrahana natanterahana paikady misoroka ny fihanaky ny tsimokaretina sy miaro azy ireo amin'ny fanavakavahana noho ny VIH/SIDA. Omena ao amin'ny takila fanampiny III ny lisitry ny fanaraha-maso ho fampandehanana ny paikady.

*b) Fifanekem-pirenena, fifanekena anivon'ny sehatrasa iray nosoniavina teny an-toeram-piasana/orinasa*. Ny mpampiasa dia tokony hanaja ny lalàna manan-kery sy ny fomba fanao mahazatra mikasika ny fiatrehana ny VIH/SIDA rehefa mifampiraharaha momba ny votoatin'ny fifanekena sy ny fepetra iiasana miaraka amin'ny mpiasa sy ny solontenany. Hiezaka ny hampiditra anatin'ny fifanekem-pirenena, fifanekena anivon'ny sehatrasa iray nosoniavina teny an-toeram-piasana/orinasa, fepetram-piarovana sy fisorohana ny VIH/SIDA.

*d) Fanabeazana sy fanofanana*. Ny mpampiasa sy ny fikambanana misy azy, rehefa nifampidinika tamin'ny mpiasa sy ny solontenany dia tokony hametraka sy hanohana fandaharanasa novolavolaina teny an-toeram-piasana hanomezambaovao, hanabeazana sy hanofanana ny mpiasa mikasika ny fisorohana sy ny fiatrehana ny VIH/SIDA, ny fanohanana sy ny paikadin'ny orinasa manoloana ny VIH/SIDA toy ny fanavakavahana ireo olona mitondra ny tsimokaretina na voadona mafy noho izany, ny fanampiana ara-bola heverin'ny orinasa omena

ireo mpiasa voakasik'izany.

*e) Fiantraika eo amin'ny toe-karena.* Ny mpampiasa sy ny mpiasa ary ny fikambanana misy azy dia tokony hiara-hiasa hamolavola paikady mahomby hamaritana ny fiantraikan'ny VIH/SIDA eo amin'ny toe-karen'ny orinasa, eo amin'ny sehatra iasany hahazoana miatrika izany fiantraika izany.

*f) Fitantanana ny mpiasa.* Ny mpampiasa dia tsy tokony hampihatra na hanaiky tetikady na fomba fanao mahazatra miteraka fanavakavahana ny mpiasa mitondra ny tsimokaretina na voadona mafy noho ny VIH/SIDA. Ny mpampiasa dia tokony :

- tsy hitaky ny fitliana na ny fitsirihana ny tsimokaretina VIH/SIDA ankoatra ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-8 ato anatin'ity amboara ity ;

- hanara-maso ny tsy hisian'ny fanavakavahana na ny fanalam-baraka miorina amin'ny fitondrana ny tsimokaretina VIH, na dia ahiahy fosiny aza izany fitondrana ny tsimokaretina izany, eny an-toeram-piasana ;

- hampirisika ireo olona mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA na mararin'ny aretina mifandray amin'ny VIH hanohy ny asany hatrany raha mbola afaka manao izany izy arakaraka ny toe-pahasalamany ;

- raha toa ka tsy afa-manohy ny asany intsony ny olona iray voan'n SIDA noho ny toe-pahasalamany, ary efa natao avokoa izay azo atao rehetra toy ny fanomezana fialan-tsasatra maharitra noho ny aretina dia azo heverina ny fandroahana araka ny lalàna mifehy ny asa mikasika ny tsy fanavakavahana, ny sori-dalàna fampihatra ankapobeny, ny lalàna momba ny fanampiana ara-bola.

*g) Fomba fanaovana fitarainana sy fampiharana ny fitsipika anatiny*. Ny mpampiasa dia tokony hametraka ny soridàlana hahazoan'ny mpiasa manao fitarainana mikasika ny asany. Tokony handraisan'ny mpampiasa fepetra fanasaziana ireo mpiasa manao fanavakavahana ny mpiara-miasa noho ny fitondrana na ny fanahiana fitondrana ny tsimokaretina VIH, ireo minia tsy manaja ny paikady mikasika VIH/SIDA tanterahana eny an-toeram-piasana.

*h) Tsiambaratelo.* Tokony hipetraka ho tsiambaratelo tanteraka ny filazalazana rehetra momba ny VIH/SIDA mikasika ny mpiasa iray ka tahirizina amina antontan-taratasim-pahasalamana iray ihany. Ny fahazoana mijery izany filazalazana izany dia tokony hifanaraka amin'ny fehin-kevitra (n° 171) mikasika ny sampan-draharaham-pahasalamana momba ny asa (1985) sy ny lalàna manan-kery eo amin'ny firenena ary ny fomba fanao mahazatra eo amin'ny firenena ka ireo mpiasan'ny fahasalamana ireo ihany no afaka manao izany. Tsy azony atao anefa ny mampahafantatra izany filazalazana izany raha tsy misy ny

didy ara-dàlana na ny faneken'ilay olona voakasik'izany.

*i) Fampihenana sy fifehezana ny anjoria*. Ny mpampiasa dia tokony hiantoka toeram-piasana azo antoka sy ara-pahasalamana amin'ny fampiharana ny fitandremana iombonana maneran-tany sy amin'ny fampitaovana kojakoja entimiaro amin'ny aretina eo am-panaovana ny asa sy ny fitsaboana ampiandohana. Mba hisian'ny fiovan-pitondran-tena dia tokony hisy ny fizarana aron'aretina (aron'aretina) ataon'ny mpampiasa ho an'ny lehilahy sy ho an'ny vehivavy ; tokony hisy ihany koa ny sampandraharaha fakan-kevitra, mitsabo, manoro làlana. Raha toa ka tsy zakan'ny orinasa samirery ny enti-manana izany eny an toeram-piasana dia azon'ny mpampiasa atao sy/na ny fikambanana misy azy ny mitady fanampiana avy amin'ny fitondram-panjakana na rafipitantanana afaka misahana izany.

*j) Toeram-piasana misy olona mikasika matetika rà sy tsiranoka avy amin'ny tenan'olombelona*. Any amin'ireny toeram-piasana ireny ny mpampiasa dia tokony handray fepetra fanampiny hampahafantarana ny mpiasa rehetra ny fitandremana iombonana maneran-tany sy ny fombafomba arahina raha toa ka misyny loza na tsinahy mitranga. Tokony hojeren'ny mpampiasa akaiky ihany koa fa manaraka tsara hatrany ny fitandremana iombonana maneran-tany ny mpiasa ary ara-dalàna avokoa ny fampitaovana ilaina amin'nizany.

*k) Fandaminana ara-drariny*. Ny mpampiasa, rehefa nifampidinika tamin'ny mpiasa sy ny solontenany dia tokony handray ny fepetram-pandaminana ara-drariny sahaza ireo mpiasa mararin'ny aretina mifandray amin'ny SIDA toy ny fandaminana ny fotoana iasana, fampitaovana mifanaraka amin'ny asa, fanomezan-dàlana tsy hiasa rehefa hanao fizaham-pahasalamana, fiatoana, fialan-tsasatra noho ny aretina, fiasana mandritra ny fotoana voafetra, fahazoan'ireo mpiasa voalaza eo ambony ireo miverina amin'ny asany indray.

*l) Asa fanentanana.* Ny mpampiasa dia tokony hampirisika ireo mpampiasa hafa handray anjara amin'ny fisorohana sy ny fiatrehana ny VIH/SIDA eny antoeram-piasana. Tokony hampirisika ihany koa ny fitondram-panjakana izy ireo handray ny fepetra hisakanana ny fihanaky ny tsimokaretina VIH/SIDA ho fanalefahana ny voka-dratsy aterany. Azon'ny mpifarimbona hafa atao ny manohana izany làlan-tsaina izany amin'ny fampijoroana komity misahana ny VIH/SIDA iraisan'ny orinasa sy ny sendika.

*m) Fanohanana amin'ny torohevitra sy fitiliana an-tsitrapo sy tsiambaratelo ny VIH*. Ny mpampiasa, ny mpiasa sy ny solontenany dia tokony hampirisika ny fanohanana sy fanomezana torohevitra, ny fitiliana an-tsitrapo sy tsiambaratelo any amin'ny sampandraharam-pahasalamana voatokana amin'izany.

*o) Mpiasa any amin'ny sehatrasa tsy manara-dalàna*. Ny mpampiasa any amin'io

sehatrasa io dia tokony hitrandraka izay azony atao amin'ireo mpiasa ; ary hamolavola fandaharanasa fitsinjovana sy fikarakarana ireo mpiasa ao.

*p) Farimbonasa iraisam-pirenena.* Ny mpampiasa sy ny fikambanana misy azy dia tokony handray anjara amin'ny farimbonasa iraisam-pirenena miady amin'ny VIH/SIDA.

### 5.3 Ny mpiasa sy ireo fikambanana misy azy

*a) Tetikady eny an-toeram-piasana.* Ny mpiasa sy ireo solontenany dia tokony hifampidinika amin'ny mpampiasa momba ny fametrahana, eny an toeram-piasana, tetikady enti-misoroka ny fihanaky ny tsimokaretina sy hiarovana ny mpiasa rehetra amin'ny fihetsika manavakavaka noho ny tsimokaretina VIH/SIDA. Hita ao amin'ny takila fanampiny III ny lisitry ny fanaraha-maso ho fandrindrana sy ho fampandehanana ny tetikady mikasika ny VIH/SIDA eny an-toeram-piasana.

*b) Fifanekem-pirenena, fifanekena anivon'ny sehatrasa iray nosoniavina teny an-toeram-piasana/orinasa.* Ny mpiasa sy ny fikambanana misy azy dia tokony hanaja ny lalàna manan-kery sy ny fomba fanao mahazatra mikasika ny fiatrehana ny VIH/SIDA rehefa mifampiraharaha mikasika ny vontoatin'asa sy ny fomba iasana ary hiezaka ny hampiditra ao amin'ny fifanekem-pirenena, fifanekena anivon'ny sehatrasa iray nosoniavina teny an-toeram-piasana/orinasa ny fepetram-piarovana sy fisorohana ny VIH/SIDA.

*d) Fampahalalana sy fanabeazana.* Ny mpiasa sy ny fikambanana misy azy dia tokony, andaniny, hanatona ny rafitra sy ny sampadraharaha sendikaly efa mijoro amin'ny fanomezana fampahalalana mikasika ny VIH/SIDA eny an-toeram-piasana, torak'izany ihany koa mikasika ny filazalazana tsy lany andro mikasika ny zony sy ny fanampiana ara-bola tokony ho azony. Ankilany, hamokatra fitaovana fampitam-pahalalana hanatanteraka hetsika fanabeazana ho an'ny mpiasa sy ny fianakaviany.

*e) Fiantraika eo amin'ny toe-karena.* Ny mpiasa sy ny fikambanana misy azy dia tokony hiara-hiasa amin'ny mpampiasa hamolavola paikady hanombanana ny fiantraikan'ny VIH/SIDA eo amin'ny toe-karen'ny toeram-piasana sy eo amin'ny sehatra iasany hahazoana miatrika izany fiantraika izany.

*f) Asa fanentanana.* Ny mpiasa sy ny fikambanana misy azy dia tokony hiara-hiasa amin'ny mpampiasa sy ny fikambanana misy azy ary ny fitondram-panjakana amin'ny fanentanana mikasika ny fisorohana sy ny ady atao amin'ny VIH/SIDA.

*g) Fitantanana ny mpiasa.* Ny mpiasa sy ny solontenany dia tokony hanampy sy hitaona ny mpampiasa amin'ny fametrahana sy ny fampandehanana tetikady sy

fomba fanao mahazatra tsy mitarika fanavakavahana ireo mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH na voan'ny SIDA.

*h) Fanaraha-maso ny fifanekena.* Zon'ny solontenan'ny mpiasa ny mangataka fanazavana eny an-toeram-piasana kanefa tsy maintsy manaraka ny fepetra fanaovana fitarainana sy ny fitsipika anatiny izany. Azony atao koa ny mitondra ny raharaha miorina amin'ny fanavakavahana noho ny VIH/SIDA eny amin'ny fitsarana.

*i) Fanofanana*. Ny fikambanan'ny mpiasa dia tokony hahatomombana sy hanome fanofanana ny solontenan'ny mpiasa mikasika ny olana ateraky ny valanaretina eny an-toeram-piasana, mikasika ny vaha-olana enti-miatrika izany ary koa ny tinadin'ireo olona mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA sy ny mpikarakara azy ireo amin'ny ankapobeny.

*j) Fampihenana sy fitantanana ny anjoria*. Ny mpiasa sy ny fikambanana misy azy dia tokony handray andraikitra sy hiara-hiasa amin'ny mpampiasa azy amin'ny fiantohana toeram-piasana azo antoka sy ara-pahasalamana amin'ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny fitaovam-piarovana sy fitsaboana am-piandohana. Ny mpiasa sy ny fikambanana misy azy dia tokony hamaritra ny fahamoram-pahavoazan'ny mpiasa eo amin'ny tontolo iasany, ary hampiroborobo fandaharanasa manokana ho azy ireo.

*k) Tsiambaratelo*. Azon'ny mpiasa atao ny mijery ny antontan-taratasim-pahasalamany sy ny antontan-taratasy mikasika azy manokana. Tsy azon'ny fikambanan'ny mpiasa atao ny mijery ny filazalazana VIH mikasika ny mpiasa tsirairay. Na inona na inona tranga miseho dia tokony hohajaina hatrany ny fitsipiky ny tsiambaratelo sy ny faneken'ny olona voakasik'izany (fehin-kevitra n° 171 - sampan-draharaham-pahasalaman'ny asa - 1985), rehefa misy ny fanatanterahana ny adidy aman'andraikitra sendikaly.

*l) Mpiasa amin'ny sehatrasa tsy manara-dalàna.* Ny mpiasa sy ny fikambanana misy azy dia tokony hanitatra ny sehatrasany amin'ny mpiasa amin'io sehatrasa voalaza io ka hifarimbonasa amin'ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana (ONG) na fikambanana avy amin'ny vondrombahoaka amin'ny fanatanterahana izany, hanohana ny hetsika rehetra misoroka ny fihanaky ny VIH/SIDA sy manalefaka ny fiantraikany.

*m) Fahamoram-pahavoazana.* Ny mpiasa sy ny fikambanana misy azy, rehefa nifampidinika tamin'ny mpampiasa sy ny solontenany dia tokony hanara-maso hatrany ny tranga mampitombo anjoriana aretina vokatry ny otrikaretina eo amin'ny mpiasa sasantsasany.

*n) Fanohanana amin'ny toro-hevitra sy ny fitiliana ny VIH an-tsitrapo na tsiambaratelo.* Ny mpiasa sy ny fikambanana misy azy dia tokony hiara-hiasa amin'ny

mpampiasa mba hamporisika ny fakana torohevitra sy ny fanaovana fitiliana ny tsimokaretina VIH an-tsitrapo sy tsiambaratelo.

*o) Farimbonasa iraisam-pirenena.* Ny fikambanan'ny mpiasa dia tokony hanamafy orina ny firaisan-kina iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny fivondronana isaky ny seha-pamokarana, isam-paritra na iraisam-pirenena, mba hanomezan-danja ny resaka mifandray amin'ny VIH/SIDA eny an-toeram-piasana ka hampiditra izany resaka izany any amin'ny hetsika fampahafantarana ny zon'ny mpiasa.

# 6. Fisorohana amin'ny alalan'ny fampahalalana sy fanabeazana

Zava-dehibe tokoa ny fandaharanasa fampahalalana sy fanabeazana atao eny an-toeram-piasana iadiana amin'ny ny fihanaky ny valanaretina sy fampiroboroboana ny fileferana amin'ny mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH na mararin'ny SIDA. Afaka miaro tena bebe kokoa amin'ny tsimokaretina VIH ny mpiasa nahazo fanabeazana. Mampitony ny tebiteby, mampihena ny fanilikilihana noho ny VIH ny fanabeazana ; mampihena betsaka ny savorivory misy eny amin'ny toeram-piasana sy miafara amin'ny fiovam-pihetsika sy fitondran-tena. Ny fandaharanasa dia tokony hovolavolaina, aorian'ny fifampidinihan'ny fitondram-panjakana, ny mpampiasa, ny mpiasa sy ny solontenany avy mba hahazoana antoka ny fanohanana avy amin'ny sehatrasa fara-tampony sy ny fandraisan'anjaran'izay rehetra vakasik'izany anjara, Tsy an-tsoratra fotsiny ihany fa amin'ny fomba maro samihafa no anatanterahana ny fampahalalana sy ny fanabeazana. Raha ilaina, dia tokony hisy ny fampianarana ampitain-davitra. Tokony ho voafaritra tsara ny olona iantefan'ny fandaharanasa sy hifanentana amin'ny toetoetry ny mpiasa izany, toy ny taona, ny fitondran-tena eo amin'ny fanaovana firaisana ara-nofo, ny sehatrasa misy azy, ny zavatra mifandray amin'ny fitondran-tena mety mampidi-doza, ny kolontsaina toavina. Olona azo itokiana tsara ary mendri-kaja no tokony hanome ny fampianarana. Hita sy tsapa fa mahomby kokoa ny fanabeazana sahanin'ireo mitovy sata amin'ny tena sy ny fandraisan'anjara ireo olona mitondra ny tsimokaretina VIH na mararin'ny SIDA amin'ny famolavolana sy ny fanatanterahana fandaharanasa.

### 6.1 Hetsika fampahalalam-baovao sy fanentanana

a) Ny fandaharanasa fampahalalana vaovao dia tokony hampifandraisana amina hetsika atao hiadiana amin'ny VIH/SIDA mivelatra kokoa : anivon'ny vondrombahoaka, ny sehatrasa samihafa, ny faritra sy ny firenena. Ny

fandaharanasa dia tokony hiainga amin'ny vaovao marina sy azo farany mikasika ny fifindran'ny VIH, ny fisorohana, ny fomba hisorohana sy hialana amin'ny finoanoam-poana manodidina azy, ny fisehon'ny aretina sy ny fiantrakan'ny SIDA eo amin'ny olona, ny fahafaha-miantsoroka, manohana sy mitsabo.

b) Araka izay azo atao, ny fandaharanasa, ny fampianarana sy ny hetsika fampahalalam-baovao dia tokony ho tafiditra ao anatin'ny tetikady sy fandaharam-panabeazana sy fitantanana ny mpiasa efa misy ; tokony ho hita ihany koa ao anatin'ny tetikady ireo fepetram-piarovana sy ireo fepetra ara-pahasalamana eny an-toeram-piasana, ireo fepetra enti-miady amin'ny fanavakavahana.

## 6.2 Fandaharanasam-panabeazana

a) Aorian'ny fifampidihina hifanaovan'ny mpampiasa, ny mpiasa sy ny solontenany no ananganana ny fandaharanasam-panabeazana ; ary raha ilaina aza, dia iarahana ihany koa amin'ny fitondram-panjakana sy ny mpifarimbonasa manan-danja sy manana traikefa eo amin'ny sehatry ny fanabeazana, ny sampandraharaha fakan-kevitra sy fitsaboana ny VIH/SIDA. Tokony hifampiankina sy hampandray anjara ny fandaharanasa.

b) Mandritra ny ora fiasana no tokony hanatanterahana ny fandaharanasa ary tokony hisy ny fitaovana fampitam-pahalalana azon'ny mpiasa ampiasaina ivelan'ny toeram-piasana. Adidy tsy maintsy tanterahan'ny mpiasa rehetra ny fandraisana anjara amin'ny fandaharanasa.

d) Raha mety sy azo atao, ny fandaharanasa dia tokony :

- hanomana hetsika hahazoana manampy ny olona hahay hanombana ny loza mitatao aminy (isam-batan'olona na mpikambana ao amina vondron'olona) ka hampihena izany loza mitatao izany amin'ny fahaizana mandray fanapahan-kevitra, mifampiraharaha sy miserasera sy amin'ny alalan'ny fandaharanasam-panabeazana, fisorohana sy fanoroan-kevitra ;

- hifantoka bebe kokoa amin'ireo fitondran-tena mety hitondrana takaitra sy ny antony hafa mety hitondrana takaitra toy ny fivezivezena noho ny asa ka mahatonga ny vondrona mpiasa sasantsasany hiatrika ny aretina ;

- hanome fahalalana mikasika ny fifindran'aretina amin'ny alalan'ny zava-mahadomelina atsindrona, sy ny fomba hampihenana ny loza avy amin'izany fomba fanao izany ;

- hanamafy orina ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny fitondram-panjakana sy ny fikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa avy amin'ny firenena na ny faritra manodidina ;

- hampiroborobo ny fanentanana mikasika ny VIH/SIDA any amin'ny fandaharanasa fampianaran-draharaha tontosain'ny fitondram-panjakana sy ny orinasa miaraka amin'ny fikambanan'ny mpiasa ;
- hanatanteraka hesika fanentanana ho an'ny vehivavy sy ny mpiasa tanora
- hijery manokana ny fahamoram-pahavoazan'ny vehivavy manoloana ny VIH sy ny paikady enti-misoroka mba tsy ho mora andairan'aretina intsony izy ireo ;
- hanantitra fa ny tsimokaretina VIH dia tsy mifindra amin'ny alalan'ny fifampikasohana andavanandro ka tsy tokony ho antony andosirana na analambaraka ireo olona mitondra ny tsimokaretina ; ny tokony hatao aza dia manohana azy sy manatsara ny toerana iasany ;
- hanazava ny mahatonga ny faharerahaham-batana aman-tsaina ateraky ny VIH, manazava ihany koa amin'ny mpiasa tsy ankanavaka ny tokony hisian'ny fahalalan-tsaina analavirana ny fanavakavahana ireo mpiasa mitondra ny tsimokaretina na mararin'ny SIDA ;
- hanome alalana ny mpiasa hanambara ny fihetsem-pony sy hiady hevitra mikasika ny VIH/SIDA ;
- hampianatra ny mpiasa (indrindra fa ny mpiasan'ny fahasalamana) ny fanajana ny fitandremana iombonana maneran-tany, hampahafantatra azy ireo ny tokony atao raha toa ka misy ny fiatrehana ny loza ;
- hanome fampianarana mikasika ny fisorohana sy ny fiantsorohana ny aretina azo avy amin'ny firaisana sy ny raboka ; tsy noho ny fifandraisan'ireo aretina ireo amin'ny VIH anefa no anton'izany fa noho izy ireo azo tsaboina tsara ka ahafahana manatsara ny fahasalamana sy ny fiarovana ho an'ny mpiasa rehetra ;
- hampiroborobo ny fitandremam-pahasalamana sy ny sakafo mahavelona ;
- hampirisika ny fanaovana firaisana ara-nofo voaaro amin'ny alalan'ny fampianarana ny fampiasana ny aron'aretina ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy ;
- hampirisika ny fanabeazana sahanin'ny olona mitovy sata amin'ny tena sy ny hetsika fanabeazana tsy manara-penitra ;
- haraha-maso, hanaovana fanombanana matetika, dinihana, ary raha ilaina, hasiam-panitsiana ;

### 6.3 Fandaharanasa mifantoka amin'ny tarika enti-manavaka (karazana)

a) Ny fandaharanasa rehetra dia tokony hifantoka amin'ny fahasamihafana eo amin'ny lahy sy ny vavy, ny firazanana sy ny fitondran-tena mikasika ny

fanaovana firaisana ara-nofo. Tokony hiavaka tsara ny iantefan'izany fandaharanasa izany, na ho an'ny lehilahy sy ho an'ny vehivavy miaraka, na ho an'ny lehilahy fotsiny ihany na ho an'ny vehivavy fotsiny ihany koa arakaraka ny halehiben'ny loza mitatao.

b) Ny fandaharanasa natokana ho an'ny vehivavy dia tokony hanazava amin'izy ireo fa tandindomin-doza bebe kokoa izy ireo, ary mampitandrina ny tovovavy fa izy ireo no tena mora andairan'ny aretina.

d) Ny fandaharanasa dia tokony hanampy na ny lehilahy na ny vehivavy hahatakatra ny tsy fitovian-kery misy amin'izy ireo eo amin'ny asa, eo amin'ny vatan-tenany manokana, ary hanitsy izany tsy fitoviana izany ny fandaharanasa. Ambonin'izany, tokony ho jerena ihany koa ny fanaovana herisetra sy ny fampiasan-kery.

e) Ny fandaharanasa dia tokony hanampy ny vehivavy ahafantatra ny zony eny an-toeram-piasana na any ivelan'ny toeram-piasana ka hahazoany miaro tena samirery.

f) Ny fandaharanasa natokana ho an'ny lehilahy dia tokony hanomana asa fanentanana sy fanombanana ny loza mitatao sy paikady mampirisika azy ireo handray andraikitra amin'ny fisorohana ny VIH/SIDA.

g) Ny fandaharanasa enti-misoroka, natokana ho an'ny lehilahy manana firaisana ara-nofo amin'ny lehilahy, dia tokony hatsangana aorian'ny fifampidinihana hiarahana amin'ireo mpiasa ireo sy ny solontenany.

### 6.4 Fifandraisana amin'ireo fandaharanasa enti-mampiroborobo ny fahasalamana

Ny fandaharanasam-panabeazana dia tokony hampifandraisina amin'ny fandaharanasa fampiroboroboana ny fahasalamana misahana manokana ny fidorohana zava-mahadomelina, ny fahasahiranan-tsaina ary ny fahasalamanan'ny mpiasa eny an-toeram-piasana. Làlana iray amin'ny fanatanterahana hetsika fanentanana sy fanabeazana mikasika ny VIH/SIDA ny fijoroan'ny filan-kevitry ny orinasa sy ny vaomieran'ny fahasalamana eny an-toeram-piasana. Izany fifandraisana izany dia tokony hanizingizina ny loza mitatao amin'ny ny fampiasana fitaovam-panindromana zava-mahadomelina maloto sy manantitra fa ny toaka sy ny zava-mahadomelina dia fanapoizinan-tena mitarika amin'ny fitondran-tena mety hampitombo ny fitondrana ny tsimokaretina VIH.

### 6.5 Fepetra amporisihana ny fiovam-pitondran-tena

a) Ny mpiasa dia tokony hahazo vaovao marim-pototra, tsy lany andro mikasika ny fomba fampihenana ny loza , ary raha ilaina dia tokony hisy ny aron'aretina na ho an'ny lahy na ho an'ny vavy azon'izy ireo ampiasaina.

b) Tokony ho afa-manao fizahanan'aretina, mitsabo tena ary mahazo fikarakarana mifananraka amin'ny fitsaboana ny mpiasa dieny tsy mbola tsy miombo ny aretina azo avy amin'ny firaisana sy ny raboka ; tokony hisy ny fandaharanasa ahazoan'izy ireo mifanakalo fanjaitra sy fitaovam-panindromana voadio ary tokony hampahafantarina azy ireo ny toerana sy ny sampandraharaha misahana izany.

d) Ho an'ny vehivavy sahirana ara-pivelomana dia tokony hanomana paikady enti-manatsara ny fidiram-bola ny fandaharanasam-panabeazana ; ohatra amin'izany ny fampahafantarana ny asa miteraka fidiram-bola, ny fampihenana ny hetra takiana sy ny fiarovana ny tambikarama tsy hilatsaka.

**6.6 Fandaharanasa eo anivon'ny vondrombahoaka**

Ny mpampiasa, ny mpiasa sy ny solontenany avy dia tokony hamporisika sy hampiroborobo ny fandaharanasa fampahalalana, fanabeazana mikasika ny fisorohana sy ny ady atao amin'ny VIH/SIDA, eny anivon'ny vondrombahoaka indrindra fa any an-tsekoly. Amporisihina ny fandraisana anjara amin'ny fandaharanasa ahafahan'ny tsirairay manambara sy manome ny heviny hanatsarana ny toe-piainan'ireo mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA sy hampihenana ny fanavakavahana sy ny fanilikilihana atao aminy. Hifarimbonanana amin'ireo fikambanana manana traikefa ny fanatanterahana ny fandaharanasa.

# 7. Fanofanana

Tokony hiantefa sy hifanaraka tsara amin'ny vondrona kendrena hanatanterahana azy ny fanofanana : ny mpitantana sy ny mpitantsoroka ary ny tompon'andraikitry ny fitantanana ny mpiasa ; ny mpiasa sy ny solontenany ary ny mpanofana ny ho mpanofana, ny mpanabe ny mitovy sata amin'ny tena, ny olona miandraikitra ny fiarovana sy ny fahasalamana anivon'ny asa sy ny mpisafo ny asa. Tokony hijery fomba fiasa vaovao hanetsenana ny lany amin'izany. Azon'ny orinasa atao ohatra ny mangataka, amin'ny fandaharanasam-pirenena miady amin'ny SIDA na ny mpifarimbona afa-manao izany, ireo mpanofana na hanome fanofanana ireo mpanofana ao aminy. Miovaova arakaraka ny enti-manana eo am-pelatanana ny fitaovam-pampitam-pahalalana izay tokony hampifanarahana amin'ny fomba amam-panao eo an-toerana sy amin'ny fahasamihafana misy eo amin'ny lahy sy ny vavy. Tokony hofanina koa ny mpanofana hahay hiatrika ny hevi-diso mikasika ny vitsy an'isa, indrindra fa mikasika ny fihaviana ara-poko sy ny soridàlana arahina eo amin'ny fanaovana firaisana ara-nofo. Ny fanofanana dia tokony hiainga avy amin'ny fanadihadiana manokana sy ny fahalalana azo raisina avy amin'ny fomba fanao mahazatra tsara alain-tahaka. Matetika dia avy amin'ny mpiasa ihany no

ahitana ny mpanofana mahay ka izany no ampirisihana ny fanabeazana sahanin'ny mitovy sata amin'ny tena isan'ambaratonga. Izany fanabeazana sahanin'ny mitovy sata amin'ny tena izany dia tokony ho hita anatin'ny fandaharanasam-piofanana isan-taona tanterahana eny an-toeram-piasana ; fandaharanasa novolanolaina rehefa avy nifampidinihana tamin'ny solontenan'ny mpiasa.

### 7.1 Fanofanana ny mpitantana sy ny mpitantsoroka ary ny tompon'andraikitry ny fitantanana ny mpiasa

Ireo mpitantsoroka sy ireo mpitantana dia tsy tokony handray anjara fotsiny amin'ny fandaharanasa fampahalalam-baovao sy fanabeazana ho an'ny mpiasa rehetra fa tokony hahazo tombom-piofanana ihany koa mba :

- hahaizany mamaly sy manazava ny fanontaniana mety hipetraka mikasika ny tetikady entin'ny orinasa miatrika ny VIH/SIDA ;

- hananany fahalalana ampy mikasika ny VIH/SIDA hanampiana ireo mpiasa hihoatra ny hevi-diso mikasika ny fihanaky ny VIH/SIDA any amin'ny toeram-piasana ;

- hanazavany ireo fandaminana ara-drariny azo atao ho an'ny mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH na mararin'ny SIDA sy hanampy azy ireo hanohy ny asany faran'izay ela indrindra ;

- hanoherany, rehefa nofantarina, ny fitondran-tena, ny fihetsika na fomba fanao mahazatra tsy mahasoa na manao an-jorom-bala ny mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH na mararin'ny SIDA ;

- hanomezany torohevitra mikasika ny sampandraharaham-pahasalamana sy ny fiahiana sosialy efa misy.

### 7.2 Fanofanana mpanabe hanofana mpanabe

Ny mpanabe hanofana mpanabe dia tokony hahazo tombom-piofanana manokana mba :

- hahafantarany tsara ny votoatinasa sy ny fomba fisorohana ny VIH/SIDA hahafahany mampita, manontolo na amin'ny ampahany, amin'ny mpiasa ny fandaharanasa fampahalalana sy fanabeazana

- hahaizany mijery tsara ny maha lahy na ny maha vavy, ny firazanana , ny soridàlana arahina eo amin'ny fanaovana firaisana ara-nofo sy ny fahasamihafana eo amin'ny kolontsaina raha hamolavola sy hanao fanofanana ;

- hahafahany mampifandray ny fanofanana amin'ny tetikady ampiharina eo an-toeram-piasana ; singanina amin'izany ny tetikady hanoherana ny faneriterena noho ny filàna ara-nofo na ny tetikady mikasika ny sembana ;

- hanampiany ny mpiasa hafa hamantatra ireo tranga mampitombo ny loza mety hitondrana ny tsimokaretina eo amin'ny fiainany an-davanandro ;

- hahaizany manoro hevitra ny mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH na mararin'ny SIDA hiatrika ny zava-manjo azy sy izay mety ho voka-dratsy.

### 7.3 Fanofanana ny solontenan'ny mpiasa

Mandritra ny ora fiasàna no anatanterahana ny fanofanana ireo Ny solontenan'ny mpiasa dia tokon hahazo fiofanana ao anatin'n ora fiasana ary tsy hanalana ny karamany amin'izany mba :

- hahaizany mazava ny tetikady ampiharina eny an-toeram-piasana amin'ny ady atao amin'ny VIH/SIDA sy hamaliana ny fanontaniana mikasika izany ;

- hampianarany mpanofana vaovao avy amin'ny mpiasa ;

- hamaritany ny fanoherana amin'ny fomba mahomby, ny fihetsika, ny fitondran-tena sy ny fomba fanao mahazatra ny tsirairay tsy mahasoa na manao an-jorom-bala ny mpiasa mitondra ny tsimkaretina VIH na mararin'ny SIDA eny an-toeram-piasana ;

- hanampiana sy hisoloana tena ireo mpiasa tratry ny aretina mifandray amin'ny SIDA raha toa ka ilaina ny fandrindrana ara-drariny ;

- hanampiany ny mpiasa mba hahafantaran'izy ireo ka hampihenany ireo tranga mety hitondrana ny tsimokaretina eo amin'ny fiainany andavanadro ;

- hananany fahalalana tsara mikasika ny VIH/SIDA hanazavana ny mpiasa ny fomba fihanaky ny tsimokaretina VIH/SIDA ;

- hitandremany ho tsiambaratelo ny filazalazana rehetra mety ho fantany eo am-panatontosana ny asa fisoloan-tena ataony mikasika ny mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH na mararin'ny SIDA.

### 7.4 Fanofanana ny mpiasan'ny fahasalamana sy fiarovana

Ny mpiasan'ny fahasalamana sy ny fiarovana dia tsy tokony hianona fotsiny amin'ny fahalalana tsara ny fandaharanasa fampahalalana sy fanabeazana fa tokony hahazo fiofanana manokana ihany koa mba :

- hananany ny fahalalana ilaina mikasika ny votoatinasa sy ny fomba ampiharina eo amin'ny fisorohana ny VIH/SIDA hahafahana mandray anjara amin'ny fandaharanasa fampahalalana sy fanabeazana ho an'ny mpiasa ;

- hahaizany hanombana ny toeram-piasana sy hamaritra ny fomba sy ny fepetra iasana izay azo hovana sy hatsaraina mba tsy ho mora andairan'aretina intsony ny mpiasa mitondra ny tsimokaretina VI/SIDA na mararin'ny SIDA ;

- hanarahany maso fa ny mpampiasa dia miantoka sy mitandro tontolo iainana sy fomba fiasa azo antoka sy ara-pahasalamana ho an'ny mpiasa ka ao anatin'izany ny fomba enti-manatanteraka ny fiandoham-pitsaboana ;

- hitandroany mandrakariva ho tsiambaratelo tanteraka, raha toa ka misy izany, ny filazalazana momba ny VIH/SIDA sy ny filazalazam-pahasalamana mikasika ny mpiasa. Tsy azo avoaka ny filazalazam-pahasalamana raha tsy mifanaraka amin'ny fehin-kevitra voarakitra ao anatin'ny amboara torolàlana navoakan'ny BIT mikasika ny fiarovana ny filazalazana manokana momba ny mpiasa ;

- hanampiany ny mpiasa hamantatra sy hampihena ny tranga mety hitondrana takaitra eo amin'ny fiainana an-davanandro ;

- hahafahany mandefa ny mpiasa any amin'ny sampandraharaham-pahasalamana eo amin'ny toeram-piasana na any ivelany, manana ny fahaiza-manao, ka mamaly am-pahombiazana ny tinadin'izy ireo.

**7.5 Fanofanana ny mpanara-maso ny asa**

Ny mpitondra mahefa dia tokony hijery akaiky ny amin'ny fomba fahazoan'ireo mpanara-maso ny asa fitaovana hahafahany manatanteraka ny asa fanaraha-maso, fanasaziana sy fanoroan-kevitra ataony, indrindra fa mikasika ny fisorohana ny VIH/SIDA any an-toeram-piasana. Noho izany, tokony hanaraka fanofanana manokana mikasika ny paikady fiarovana sy fisorohana ny VIH/SIDA izy ireo.

Tokony ho hita ao amin'ny fanofanana ireto zavatra manaraka ireto :

- fampahalalana ny fitsipika iraisam-pirenena momba ny asa manan-danja, soritana manokana ny fifanekena (n° 111) mikasika ny fanavakavahana (asa sy anton-draharaha) natao ny taona 1958 sy ny lalàna manan-kery eo amin'ny firenena ;

- fanoroana ny fomba fampahafantarana ny mpiasa sy ny mpitantana ny resaka mifandray amin'ny VIH/SIDA ;

- fampidirana ny resaka mikasika ny VIH/SIDA ho isan'ny laha-dinika mandritra ny fivoriana fampahalalana tsy tapaka momba ny fiarovana sy ny fahasalamana eo amin'ny asa sy ao amin'ny fanofanana any an-toeram-piasana ;

- fanampiana ireo mpiasa tokony hahazo fiahiana sosialy amin'ny famenoana ny taratasy fangatahana vita pirinty sy amin'ny fizakana ny zo hafa voalazan'ny lalàna ;

- fitiliana ny fanitsakitsahana ny zon'ny mpiasa mifandray amin'ny sata

VIH/SIDA sy ireo lesoka amin'ny fanajana izany zo izany ;

- fahalalana ilaina momba ny fanangonana sy ny fikirakirana ny antontan'isa sy ny tahirin-kevitra mikasika ny VIH/SIDA eny an-toeram-piasana mba hahazoana manao fandinihana mikasika ny fihanaky ny valanaretina sy ny vokatr'izany eo amin'ny fiaraha-monina, araka ny torolàlana ato anatin'ity amboara ity.

### 7.6 Fanofanana ny mpiasa mikirakira rà na ny tsiranoka avy amin'ny tenan'olombelona

Ny mpiasa rehetra dia tokony hanaraka fiofanana mikasika ny fomba fanaraha-maso ny aretina raha misy ny sampona na fahavoazana mitranga eo ampanatanterahana ny asa sy ny fanomezam-pitsaboana voalohany. Toy izao no mety ho votoatin'ny fanofanana :

- fanomezana ny fomba fitsaboana voalohany ;
- fitandremana iombonana maneran-tany hisorohana ny fifampikasohana mivantana amin'ny rà na ny tsiranoka avy amin'ny tenan'olombelona (jereo takila fanampiny II) ;
- fampiasana ny fitaovam-piarovana ;
- fomba arahina raha misy fifampikasohana mivantana amin'ny rà na ny tsiranoka hafa avy amin'ny tenan'olombelona ;
- zo hanarina ny fahavoazana vokatry ny loza ateraky ny asa.

Ambonin'izany rehetra izany, ny fandaharanasam-panofanana dia tokony hanindry tsara fa ny fitandremana dia tsy miankina velively amin'ny sata VIH marina na ahiana.

# 8.Fitsirihana ny tsimokaretina VIH

Tsy tokony atao eny amin'ny toeram-piasana ny fitsirihana ny VIH, ankoatra ny fepetra manokana voarakitra ato anatin'ity amboara ity. Tsy ilaina sy mety hanohintohina ny zo fototra sy ny hasin'ny mpiasa izany : ny vokatry ny fitiliana dia mety ampiasaina tsy am-piheverana ary ny faneken'ny mpiasa dia mety tsy antsitrapo tanteraka sy tsy miorina amin'ny fahalalana ny fiantraikan'ny fanaovana fitiliana. Na any ivelan'ny toeram-piasana aza, ny fanaovana fitiliana tsiambaratelo dia tokony ho vokatry ny fanekena mazava sy tsy an-tery avy amin'ny mpiasa, ary

tsy maintsy ny mpiasa voaofana amin'izany sy za-draharaha no manatanteraka ny fitiliana ao anatin'ny tsiambaratelo tanteraka.

### 8.1 Fandraisana mpiasa sy asa

Ny fanapahan-kevitra amin'ny fampidirana hiasa na ny fanohizana ny asa dia tsy tokony hiankina amin'ny vokatry ny fitiliana. Ny fizaham-pahasalamana mahazatra atao, toy ny fizaham-pahasalamana mialoha ny fidirana hiasa na ny atao ara-potoana, dia tsy tokony hitaky ny tsy maintsy hanaovana ny fitiliana ny tsimokaretina VIH.

### 8.2 Fiantohana

a) Ny fitiliana ny VIH dia tsy tokony ho fepetra hidirana amin'ny rafi-pirenena miahy ny sosialy, amin'ny fanaovana fanekem-piantohana amin'ny ankapobeny, amin'ny rafi-piantohana momba ny asa sy ny aretina ;

b) Ny tranom-piantohana dia tsy tokony hitaky ny fitiliana ny VIH amin'ny fiantohana toeram-piasana iray. Azony atao kosa anefa mananda ny vola lany sy ny vola miditra arakaraka ny tondromarika mikasika ny valanaretina eo amin'ny mponina amin'ny ankapobeny ;

Ny mpampiasa dia tsy tokony hanamora ny fitiliana hahazoana fiantohana ary ny filazalazana rehetra eo am-pelantanany dia tokony hijanona ho tsiambaratelo.

### 8.3 Fanaraha-maso ny fianaky ny valanaretina

Azo atao ny manao fitiliana ny VIH tsy mitonona anarana, tsy arahim-panadihadiana ; ny manao fandinihana mikasika ny fihanaky ny valanaretina, eny toeram-piasana, raha toa ka atao mifanaraka amin'ny fenitra moraly mifehy ny fikarohana siantifika, ny fitsipika toavina eo amin'ny asa sy ny fanajana ny zon'ny tsirairay sy ny tsiambaratelo. Alohan'ny fanatanterahana izany fikarohana izany anefa dia tokony hisy sy ny fiaraha-midinika amin'ny mpiasa sy ny fampahafantarana azy ireo izany fikarohana izany. Ny vokatry ny fanadihadiana dia tsy tokony hampiasaina hanavakavahana olona na sokajin'olona iray. Tsy azo heverina ho toy ny fitiliana tsy mitonona anarana ny fitiliana raha toa ka misy fomba ahazoana mamantatra olona iray mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA.

### 8.4 Fitsirihana an-tsitrapo

Mety hisy ny toe-javatra manosika ny mpiasa hanao fitiliana an-tsitrapo ny tsimokaretina VIH/SIDA. Amin'izay fotoana izay dia any amin'ny sampandraharaham-pahasalamana anivon'ny vondrombahoaka no anatanterahana ny fitiliana fa tsy any an-toeram-piasana. Raha toa ka misy ny sampandraharaham-pahasalamana natokana ho amin'izany dia azo atao ny fitiliana an-tsitrapo raha mangataka ny hanaovana izany ny mpiasa kanefa manao fanekena mazava atao an-tsoratra. Raha tiany dia azony atao ny mangataka torohevitra amin'ny

solontenan'ny mpiasa. Tokony ho olona za-draharaha no manatontosa ny fitiliana araka ny fepetra takian'ny tsiambaratelo feno sy tanteraka sy ny fitsipika mifehy ny serasera. Misy torolàlana, mialoha sy aorian'ny fitiliana, mibanjina ny tinady manokan'ny lahy na ny vavy, manazava bebe kokoa ny toetoetra sy ny anton'ny fitiliana ny tsimokaretina VIH/SIDA, ny lafitsara sy ny lafiratsiny ary ny mety ho fihetsiky ny tsirairay manoloana ny vokatra azo avy amin'izany.

**8.5 Fitsirihana sy fitsaboana atao raha nisy fikirakirana rà na tsiranoka avy amin'ny tenan'olombelona nandritra ny asa natao**

a) Tokony hisy ny fepetra raisina eo amin'ny toeram-piasana hisorohana ny fahavoazana na ny sampona ateraky ny fikasihana rà, na tsiranoka na sela avy amin'ny tenan'olombelona.

b) Raha toa ka misy ny fikasihana fitaovana fantatra fa voaloton'ny rà, tsiranoka, sela avy amin'ny tenan'olombelona eny an-toeram-piasana dia tokony hampanaovina fizaham-pahasalamana tsy misy hatakandro ny mpiasa hahafahany miatrika ny zava-misy, ny fiantraikan'izany eo amin'ny fahasalamana, ny tombontsoa azo avy amin'ny fanaovana fitiliana, ny fitsaboana aoriana, ny fandefasana any amin'ny sampandraharaha misahana izany. Aorian'ny fanombanana ny loza dia omena torohevitra fanampiny ny mpiasa mikasika ny zony toy ny zo hanarina ny fahavoazana sy sori-dàlana arahina.

# 9) Fiantsorohana sy fanohanana

Firaisankina, fiantsorohana, fanohanana no toko telo maha masa-nahandro hiatrehana ny VIH/SIDA eny an-toeram-piasana. Tokony hitady fomba mamporisika ny fivelaran'ny toe-tsaina, ny fanekena ary ny fanohanana ireo mpiasa mamboraka ny fitondrany ny tsimokaretina VIH/SIDA, miantoka ny tsy fanavakavahana sy ny tsy fanalam-baraka azy ireo. Mba hanalefahana ny fiantraikan'ny valanaretina VIH/SIDA eny an-toeram-piasana dia tokony hanao ezaka amin'ny fanomezana torohevitra sy fanohanana ara-tsosialy ireo mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA na voakasik'izany,

Raha misy sampandraharaham-pahasalamana eny an-toeram-piasana, dia atao eo an-toerana ihany ny fitsaboana mifanaraka amin'izany ; fa raha tsy izany kosa, dia tokony hampahafantarina ny mpiasa ny toerana sy ny sampandraharaha any ivelany ahafahany mitsabo tena sy mitsabo ny fianakaviany, indrindra fa ny ankizy. Ny farimbonasa eo amin'ny fitondram-panjakana, ny mpampiasa, ny mpiasa sy ny fikambanany misy azy, ary ireo mpifarimbona azo antoka no ahitam-boka-tsoa eo amin'ny asa sy ahafahana mametra ny vola lany.

**9.1 Fitovian'ny fitsaboana atao amin'ny VIH/SIDA sy ny areti-mandoza hafa**

a) Tokony hitovy amin'ny fitantanana ny areti-mandoza hafa miseho eo an-

toeram-piasana ny fitantanana ny fitondrana ny tsimokaretina VIH sy ny fitsaboana ny aretina SIDA ;

b) Mikasika ny fanampiana ara-bola, ny tambin-karama sy ny fandrindrana ara-drariny ny toeram-piasana dia tsy tokony hisy ny tombo sy ala mikasika ny fikarakarana ny mpiasa voan'ny areti-mandoza hafa sy ireo mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH na mararin'ny SIDA ;

d) Raha mbola manana ny toe-pahasalamana ahafahany manatanteraka ny asany ny mpiasa dia tokony ho azony antoka ny hanohizany izany asa izany, sy ny mety ahazoany fisondrotana.

## 9.2 Torohevitra

a) Ny mpampiasa dia tokony hampirisika ny mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH na mararin'ny SIDA, mila torohevitra sy fanampiana manana endrika tsiambaratelo, hanatona ny sampandraharaha na ny fandaharanasam-pahasalamana sy fiarovana misy eo an-toeram-piasana na ny sampandraharaha manokana ivelan'ny toeram-piasana manome torohevitra ;

b) Noho izany ny mpampiasa dia tokony :

- hitily ny manam-pahaizana manokana, sokajin'olona misahana fifanampiana, anivon'ny vondrombahoaka na faritra, hanome torohevitra sy fitsaboana mikasika ny VIH/SIDA ;
- hitily ireo fikambanana, anivon'ny vondrombahoaka, misahana ny fahasalamana na tsia, mety hitondra zava-tsoa an'ireo mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH na mararin'ny SIDA ;
- hanoro hevitra ny mpiasa hanatona ny mpitsabo azy na ny mpitsabo hafa ampy fahaizana hanao ny fizahana voalohany na ny fitsaboana ; na raha ilaina, hanampy ny mpiasa amin'ny fitadiavana mpitsabo manam-pahaizana amin'izany;

d) Ny mpampiasa dia tokony hanome fotoana malalaka, hakana torohevitra sy hanarahana fitsaboana, an'ireo mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH na mararin'ny SIDA, araka ny fepetra farany kely indrindra takiana eo amin'ny firenena ;

e) Tokony tsy andoavam-bola sy hifanaraka amin'ny toe-java-misy sy ny filàna samihafa eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy ny torohevitra amin'ny fanohanana ; tsara ihany koa raha mikarakara fifampidinihana eo amin'ny fitondram-panjakana, ny mpiasa sy ny fikambanana misy azy ary ireo mpifarimbonasa hafa manan-danja amin'ny fametrahana sy ny fitondrana ny fanohanana

f) Ny solontenan'ny mpiasa dia tokony hanampy ireo mpiasa, manao fangatahana, hahazo torohevitra avy amin'ny manam-pahaizana manokana mikasika ny VIH/SIDA ;

g) Ny sampandraharaha fanoroan-kevitra dia tokony hampahafantatra ny mpiasa rehetra ny zony sy ny fanampiana ara-bola mety ho azony avy amin'ny rafi-piahiana sosialy sy ny lalàna mifehy ny asa. Toa izany koa mikasika ny fandaharanasa rehetra mety hanampy azy ireo hiatrika ny VIH/SIDA ;

h) Raha toa ka misy ny fiatrehana ny loza noho ny asa dia tokony hanome fotoana malalaka ny mpiasa hakana torohevitra ny mpampiasa ; fotoana malalaka tsy mitarika fahaverezan-karama.

### 9.3 Sampandraharaham-pahasalamana momba ny asa sy ny sampandraharaham-pahasalamana hafa

a) Mety misy mpampiasa afa-manampy ny mpiasa amin'ny fahazoana ny fanafody antirétroviral. Ny sampandraharaham-pahasalamana misy eny an-toeram-piasana dia tokony hisahana karazan-draharaha araka izay tratra, iarahana amin'ny fitondram-panjakana sy ny mpifarimbonasa hafa, hisorohana sy hitantanana ny VIH/SIDA ary hanampiana ny mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA ;

b) Izany karazan-draharaha izany dia mety hahitana ny fizarana ny fanafody antirétroviral, ny fitsaboana fampitoniana ny aretina mifandray amin'ny VIH, ny fanoroan-kevitra mikasika ny sakafo sy ny fanampin-tsakafo, ny fampitoniana ny adin-tsaina, ny fitsaboana ny aretina mpiantsampy noho ny fihenan'ny hery fiarovana ao amin'ny tena toy ny raboka sy ny aretina azo avy amin'ny firaisana.

### 9.4 Fifandraisana amin'ireo vondrona fifanampiana sy ny vondron'olona avy amin'ny vondrombahoaka

Ny mpampiasa, ny fikambanan'ny mpiasa ary ireo mpiasa miandrikitra ny fahasalamana eo amin'ny asa dia tokony hanamora ny fananganana vondrom-pifanampiana eo anivon'ny orinasa na ny fandefasana ireo mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH na mararin'ny SIDA any amin'ireny vondrom-pifanampiana ireny sy ny fikambanana manohana eo anivon'ny vondrombahoaka.

### 9.5 Fanampiana ara-bola

Ny fitondram-panjakana, rehefa nifampidinika tamin'ireo mpifarimbonasa eo amin'ny sehatra sosialy dia tokony hanara-maso fa ny fanampiana ara-bola voafaritry ny lalàna manan-kery ho an'ny mpiasa voan'ny areti-mandoza dia tsy misy tombo sy ala amin'ny vola omena ny olona mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA. Misoko mangina sy mitsitapitapy ny VIH/SIDA ka tokony

handinika ny fahatezan'ny fanampiana ara-bola ny fitondram-panjakana.

### 9.6 Fiahiana sosialy

a) Ny fitondram-panjakana, ny mpampiasa sy ny fikambanan'ny mpiasa dia tokony handray ny fepetra rehetra ilaina miantoka ny tsy hanilikilihana, ireo mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA na mararin'ny SIDA sy ny fianakaviany, amin'ny rafi-panampiana ara-bola sy fiarovam-piainana feno sy amin'ny fitsipika mifehy ny asa efa misy. Izany fepetra raisina izany dia tokony hampiharina ihany koa amin'ireo mpiasa, sokajina mpiasa sy ny fianakaviany atahorana mafy hitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA.

b) Ireo rafi-panampiana sy fitsipi-dalàna ireo dia tokony hanomana fanampiana ara-bola mitovy tsy misy valaka ho an'ireo mpiasa mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA na mararin'ny SIDA sy ireo mpiasa marain'ny areti-mandoza hafa.

### 9.7 Fanajana ny fiainan'isam-batan'olona sy tsiambaratelo

a) Ny fitondram-panjakana, ny orinasam-piantohana tsy miankina, ny mpampiasa dia tokony hanara-maso ny fitandroana hatrany ho tsiambaratelo ny filazalazana mifandray amin'ny ny fanoroan-kevitra, ny fikarakarana, ny fitsaboana, ny fanampiana ara-bola ; torak'izany koa ny mikasika ny filazalazana ara-pahasalama momba ny mpiasa. Ny fahazoana mijery ireo filazalazana ireo dia tokony hifanaraka amin'ny fehin-kevitra laharana 171 momba ny sampandraharaham-pahasalamana anivon'ny asa (1985).

b) Ny hafa kosa, indrindra fa ireo nomem-pahefana sy ny mpitantana ny rafi-piahiana sosialy sy ny fitsipika mifehy asa dia tokony hanara-maso ny tsiambaratelo mikasika ny filazalazana rehetra mifandray amin'ny VIH/SIDA sy ny filazalazana ara-pahasalamana mikasika ny mpiasa araka izay voarakitra ao anatin'ny amboara torolàlana novolavolain'ny BIT mikasika ny fiarovana ny filazalazana momba ny mpiasa.

### 9.8 Fandaharanasam-panampiana ny mpiasa sy ny fianakaviany

a) Noho ny toetry ny valanaretina dia mety ilaina ny fananganana fandaharanasa fanampiana ny mpiasa ahitana karazan-draharaha mifanaraka amin'ny toe-java-misy eo amin'ny fiainam-pianakaviana sy mitondra fanohanana ho an'ny fianakaviany. Izany dia tokony hatao amin'ny fifampidinihana amin'ny mpiasa ns ny solontenanyary angamba mety hatao miaraka amin'ny fandraisan'anjara ny governemanta sy ny mpifarimbonasa manan-danja hafa ka tsy hadinoina ny filana sy nyhoentimanana.

b) Ireny fandaharanasa ireny dia tokony hahatsapa tsara fa matetika dia ny vehivavy no tena mikarakara ny olona mararin'ny SIDA. Tokony hahatsapa

ihany koa ny tinady manokan'ireo vehivavy mitondra vohoka. Tokony hanome fahafaham-po ny ankizy izay namoy ray na reny na ray sy reny miaraka noho ny SIDA ka mety handao ny sekoly na voatery hiasa na terena hivaro-tena. Azo tanterahina eny anivon'ny orinasa ny karazana fandaharanasa tahaka izany ; azon'ny orinasa atao ihany koa ny mitondra fanohanana itambarambe ny fandaharanasa na mampanatanteraka ny karazan-draharaha ivelan'ny orinasa ;

d) Ny fandaharanasam-panampiana ny fianakaviana dia tokony :

- hibanjina fialan-tsasatra noho ny antony ara-pianakaviana ;
- hampahafantatra ny fandaharanasam-pahalalana sy fanabeazana ;
- hanoro ireo olona mila izany ny fomba hanatonana ny vondrona manao fanohanana sy ny vondrom-panampiana ;
- hanampy ny mpiasa na ny fianakaviana hahazo asa hafa tsy manelingelina ny fianaran'ny ankizy ;
- handray ny fepetra tokony ho raisina, toy ny fanofanan'asa sy fampianaran-draharaha ireo ankizy sy tanora namoy ray na reny na ny ray sy ny reny noho ny SIDA. ;
- handrindra ny fiaraha-miasa eo amin'ny mpifarimbonasa manan-danja sy ny fikambanana samihafa avy amin'ny vondrombahoaka, ao anatin'izany ny sekoly ianaran'ny zanaky ny mpiasa ;
- hanome fanampiana ara-bola mivantana na an-kolaka
- hitady ny fomba hiatrehana ny fahasahiranana ara-bola noho ny aretina sy ny tinadin'ny olona hiantsorohany ;
- hahitana vaovao, fampahalalana ny lalàna, fiantsorohana ;
- hampahafantatra ny soridàlana sy ny fitsipika voafaritry ny lalàna mikasika ny aretina sy ny fahafatesana, toy ny fitantanana ny vola mifandray amin'ny aretina, ny fanaovana didim-pananana sy ny fandovàna ;
- hanampy ny fianakaviana hahazo tombotsoa amin'ny rafi-piahiana sosialy sy ny fitsipi-dalàna mifehy ny asa ;
- hijery ny fomba handoavana haingana ny karaman'ny mpiasa ;
- hanoro ny fianakaviana ny fomba fanatonana ny fahefam-pitsarana sy ny tompon'andraikim-pahasalamana mahefa, na manoro ny mpitondra mahefa azo atonina.

**Takila fanampiny I**

## Ireo seha-kevi-dehibe mikasika ny valanaretina sy ny voka-dratsiny

### Ny fomba fifindran'ny VIH

Ny tsimokaretina VIH, manimba ny hery fiarovana ao amin'ny tenan'olombelona ka mitarika ny aretina SIDA dia mifindra amin'ny alalan'ny tsiranoka avy amin'ny tenan'olombelona toy ny rà, ny ranon'aina avy amin'ny lahy sy ny vavy, ny rononon-dreny. Fantatra ankehitriny fa fomba efatra no ifindran'ny tsimokaretina : amin'ny alalan'ny firaisana ara-nofo tsy voaaro, amin'olona mitondra ny tsimokaretina (io no mateti-pitranga), avy amin'ny alalan'ny rà sy ny zavatra mifandray aminy rehetra, ohatra ny famindrana rà ahitana ny tsimokaretina, ny fanoloana taova na sela, ny fampiasana fitaovana fanindromana na fandidiana voaloto, avy amin'ny reny mandritra ny fitondrana vohoka na eo ampiterahana, amin'ny alalan'ny ny fampinonoana. Tsy mifindra avy amin'ny alalan'ny fifampikasohana an-davanandro ny tsimokaretina, tsy mifindra avy amin'ny kohaka, ny fievonana na ny fifanorohana ; tsy mifindra ihany koa amin'ny alalan'ny fampiasana ny toeram-pidiovana iombonana, na koa amin'ny alalan'ny vilia na ny kaopy nampiasain'ny olona mitondra ny tsimokaretina ; tsy mamindra ny tsimokaretina ny moka na ny kaikitry ny bibikely hafa.

Manimba ny hery fiarovan'ny tenan'olombelona ny VIH. Izany no mahatonga ny tsy fahafaha-manohitra ny aretina. Ny olona iray dia afa-miaina miaraka amin'ny tsimokaretina mandritra ny folo taona (na mihoatra izany aza). Tsy misy fambaran'aretina miseho amin'ny tenany ao anatin'izany fe-potoana izany kanefa dia afa-mamindra ny aretina izy. Toy izao avy ireo fambara hita any ampiandohan'ny aretina SIDA : faharerahana lalandava, aretim-pivalanana, tazo, fahasimban'ny fiasan'ny ati-doha toy ny fahaverezan-tadidy, fihenan-danja, kohaka maharitra, aretin-koditra miverimberina, « herpès » sy aretin'ny ati-vava, fivontosanan'ny atody tarimo. Noho ny fahasimban'ny hery fiarovana ao amin'ny tenanan'olombelona dia misy ny aretina « manararaotra » izany fahasimbana izany - azo antsoina hoe « aretina mpananarao-paty » na « aretina mpiantsampy » - manafika ny tenan'olombelona toy ny homa-miadana, ny aretin'ny fonon'atidoha, ny aretin'ny avokavoka sy ny raboka. Mety misy ny fotoana ahatsapana fa miha tsara ny toe-pahasalamana, ny aretina SIDA anefa dia mbola tsy ahitam-panafana ka fahafatesana no iafarany. Mitohy hatrany ny fikarohana fanefitra nefa tsy mbola nahitam-bokatra hatramin'izao. Misy ankehitriny ny fanafody « antirétroviraux » izay mampihena ny fihombon'ny aretina ary manalava ny andro iainana. Lafo vidy anefa izy io hany ka tsy takatry ny ankamaroan'ny marary. Tsapa anefa fa misy ny fiovana ankehitriny. Tsimokaretina marefo ny VIH ; vitsy dia vitsy ny toetoetra ahafahany mivelona. Any amin'ireo toerana mandomando eo amin'ny vatana no ahafahany miditra ao amin'ny tenan'olombelona ; tsy afa-miditra amin'ny hoditra

madio sy salama izy. Noho izany, ny fisakanana ny fidiran’ny aretina no fisorohana, amin’ny fampiasana aron’aretina ohatra na ny fampiasana fitaovana fiarovan-tena toy ny gantanana, ny saron-tava, ny fitandremana ny fahadiovan’ny fitaovana mandidy. Ny « eau de javel », ny vovon-tsavony mahery sy ny rano mafana be dia mamono ny tsimokaretina (jereo takila fanampiny II).

**Fiantraikan’ny VIH/SIDA eo amin’ny mponina ankapobeny sy ny olona tokony hiasa**

Manerana izao tontolo izao dia mihoatra ny 36 tapitrisa ny isan’ny olona mitondra ny tsimokaretina VIH na mararin’ny SIDA tamin’ny faran’ny taona 2000, ka ny roa ampahatelony dia monina ao Afrika atsimon’i Sahara. Hatramin’izay ka hatramin’izao dia mahatratra 22 tapitrisa ny isan’ny olona matin’ny SIDA eran’izao tontolo izao : 3 tapitrisa no isan’ny maty ny taona 2000 fotsiny. Voakasika avokoa ny faritra rehetra : mihoatra ny 25 tapitrisa ny isan’ny ankizy sy olon-dehibe avy ao Afrika atsimon’i Sahara tratry ny VIH/SIDA ; maherin’ny 6 tapitrisa ao Azia ; manakaiky ny 2 tapitrisa ao Amerika latina sy any Caraïbes ; latsaka kelin’ny iray tapitrisa ao Amerika Avaratra ; dimy hetsy ao Eoropa andrefana ; 750 000 any Eôropa atsinanana sy Azia afovoany ; eo amin’ny 500 000 eo ho eo ao Afrika Avaratra sy Moyen-Orient. Na samihafa aza ny fomba fifindran’ny aretina dia tsy mitsaha-mitombo ny fahavoazana maneran-tany.

Hita taratra mazava eo amin’ny isan’ny mponina ny voka-dratsy ateraky ny fahafatesana noho ny SIDA : amin’ny taona 2010, any amin’ny firenena 29 ahitana olona mararin’ny SIDA mihoatra ny roa isanjaton’ny isan’ny mponina ankapobeny dia heverina fa hihena 50 tapitrisa ny isan’ny olona. Ho hita miavaka tsara ny fiantraikan’ny aretina eo amin’ny lahy sy ny vavy, eo amin’ny sokajin-taona, satria any amin’ny firenena maro dia ny vehivavy no malaky voa noho ny lehilahy. Ny sokajin’olona eo amin’ny 15 ka hatramin’ny 49 taona no tena voa mafy, izany hoe ireo olona manana ny hery enti-mamokatra. Midika izany fa tsy ho afa-manampy intsony ny fianakaviany sy handray anjara amin’ny fampivoarana ny fiaraha-monina sy ny toe-karena izy ireo. Araka ny tombana nataon’ny OIT dia miisa 20 tapitrisa mahery ny mpiasa maneran-tany mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA.

Any amin’ireo firenena izay avo dia avo ny salan’isan’ny olona mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA, dia hihena eo amin’ny 10 ka hatramin’ny 30% ny isan’ny olona afaka hiasa amin’ny taona 2020. 14 tapitrisa ny isan’ny ankizy namoy ny rainy na ny reniny na ny ray sy ny reny noho ny aretina SIDA ary ho maro ny ankizy no tsy ho afa-mianatra intsony ka voatery hiasa ary hanamafy ny olana ateraky ny fampiasana zaza tsy ampy taona.

Mikorontana noho ny VIH/SIDA ny fiainana andavanandron’ny olona voan’izany, ny fianakaviany, hatramin’ny vondrombahoaka amin’ny ankapobeny. Manahiran-tsaina ny mieritreritra ny voka-dratsin’ny aretina ho an’ireo beantitra sy

ny ankizy raisin'ny olona iray ao amin'ny fianakaviana ny fiantsoronana azy. Ny fiantraikan'ny VIH/SIDA eo amin'ny orinasa sy ny toekarem-pirenena dia tonga hatrany amin'ny olona tsirairay sy ny fianakaviany. Miseho amin'ny endrika maromaro ny valanaretina eo amin'ny tontolon'ny asa : fikorontanan'ny famokarana, fanavakavahana eo amin'ny asa, fahamafisan'ny tsy fitoviana eo amin'ny lahy sy vavy, firoboroboan'ny fampiasana ankizy. Misy fomba hafa isehoan'ny aretina toy ny fihenan'ny isan'ny mponina, ny fahasahiranana mianjady amin'ny rafi-pikarakaram-pahasalamana sy ny rafi-piahiana sosialy ny mpiasa.

**Ireo tranga mampitombo mora foana ny fandairan'ny aretina**

Tranga ankapobeny

Mahazo vahana ny SIDA any amin'ny toerana ahitana ny fanitsakitsahana ny zo ara-toe-karena, ara-tsosialy sy ara-kolontsaina ; toy izany koa any amin'ny toerana tsy manaja ny fitsipika mifehy ny olom-pirenena sy ny politika. Eo amin'ny lafiny toe-karena dia ny fahantrana no antony misongadina indrindra. Mahatonga ny fahamoram-pahavoazana ny tsy fahaiza-mamaky teny sy manoratra, ny fanilikilhana ny mahantra. Izany fahantrana izany no manery ny vehivavy hivarotena sy hanao firaisana ara-nofo tsy voaaro ahafahany mivelona sy mamelona ny fianakaviany. Manamafy ny fahamoram-pahavoazan'ireo olona mitondra ny tsimokaretina, amin'ny aretina mifandray amin'ny SIDA ihany koa, ny tsy fahalavorarian'ny sakafo sy ny trano onenana. Eo amin'ny lafiny ara-tsosialy sy kolontsaina indray dia mitarika amin'ny fanaovana firaisana ara-nofo tsy voaaro ny tsy fitoviana eo amin'ny fifandraisan'ny tsirairay sy eo amin'ny fifandraisana amin'ny asa. Misy koa ny fihetsika sy fitondran-tena azo heverina ho mampitombo ny loza hitondrana takaitra. Ny VIH dia mifindra amin'ny alalan'ny fitaovana atsindrona zava-maha domelina tsy voadio. Voaporofo ihany koa fa ny fahazarana amin'ny zava-mahadomelina sy ny zava-pisotro mahamamo dia mitarika ny olona hanao firaisana ara-nofo tsy voaaro sy hampiasa fitaovam-pitsindromana tsy voadio sy tsy handray ny fepetra takiana amin'ny fisorohana ny VIH/SIDA. Ny fanilikilihana ny olona mitondra ny tsimokaretina na mararin'ny SIDA dia mitarika azy ireo tsy hanambara ny toe-pahasalamany ka mahatonga ny fihanaky ny aretina. Sarotra tokoa ny mametraka vinavinan'asa na ho an'ny vondrombahoaka na ho an'ny olona tsirairay noho ny tsy fahafantarana marina ny zava-misy sy ny fadifady miorina amin'ny kolontsaina.

Raha ny lafiny ara-politika sy fiaraha-monina indray no jerena, dia sakana ho an'ny fampandrosoana sy mampihen-danja ny ezaka fanatsarana ny fahasalamana ny fisian'ny fifandirana, ny tsy fisian'ny filaminam-bahoaka, ny goragora eo amin'ny fandaminana sy ny fampiharana ny lalàna ary ny tsy fankatoavana ny zo amin'ny fahafahana hanangana fikambanana hiarovana ny tombotsoa iraisana. Hita any amin'ny firenena maro fa tsy afa-manome fitsaboana intsony no sady tsy afa-

manao ny fisorohana ilaina ny sampandraharaham-pahasalamana noho ny fahantrana, ny trosa sy ny fanitisana ara-drafitra.

Raha atao amin'ny reny fohy izany dia ny fanavakavahana, ny tsy fanajana ny zon'olombelona no mahatonga ny mpiasa ho mora andairan'ny aretina sy tsy ho afa-manohitra ny SIDA. Sarotra ho azy ireo ny hanao fitiliana an-tsitrapo, hangataka torohevitra sy fitsaboana ary fannohanana noho izany antony izany. Mety tsy ho afa-mandray anjara amin'ny hetsika fanentanana sy fisorohana ihany koa izy ireo.

Tranga mampitombo ny anjoria ahazoana ny aretina eo amin'ny sokajin'ny mpiasa sasantsasany

Maro amin'ireo sokajin'asa sahanina no mety misarika ny aretina bebe kokoa miohatra ny hafa noho ny fitondran-tena asehon'ilay mpiasa fa tsy noho ny asa ataony akory. Ireto misy santionany amin'izany :

- ny asa mitaky fivezivezena maharitra ka mahatonga ny fisarahana amin'ny vady na ny olona iarahana ;

- ny asa atao any an-tany lavitry ny tànan-dehibe ka tsy misy fifaneraserana sy toeram-pitsaboana firy;

- ny fiaraha-mipetraka ao amina efitrano na torerana iray miaraka amin'ny lehilahy maromaro ;

- ny toe-javatra tsy ahafahan'ny mpiasa miaro tena amin'ny aretina ;

- ny asa izay ahitana lehilahy maro vehivavy vitsivitsy ;

- ny asa izay mety hitera-doza ho an'ny mpiasa : toy ny fikasihana rà sy ny zava-drehetra mifandray amin'izany fikasihan-drà izany, ny fikasihana tsiranoka hafa avy amin'ny tenan'olombelona , ny tsindrona tsinahy tamin'ny fanjaitra tsy voadio, ny tsy fanajana ny fitandremana iombonana maneran-tany na ny fampiasana fitaovana tsy ara-dalàna.

Azo tanisaina ankoatra ireo ihany koa ny toe-javatra miseho ivelan'ny asa : rehefa mivangongo any amin'ny tànan-dehibe ny tsy an'asa hitady vola na dia kely fotsiny aza dia mety ho alaim-panahy hanao asa izay mety hahazoany ny VIH ; ny olona afindra toerana sy ny mpitsoa-ponenana mipetraka any amin'ny toby natokana amin'izany, tsy manana anton-draharaha, dia mety hanao firaisana na voatery hanao izany noho ny fahatsiarovan-tena ho irery ; indrindra fa ireo reny mananon-tena.

**Ny tinadin'ny sehatrasa tsy manara-dalàna**

Mafimafy kokoa ny fiantraikan'ny aretina ho an'ireo miasa amin'ny sehatrasa tsy manara-dalàna noho izy ireo tsy afa-manatona toeram-pitsaboana matetika sy

tsy mahazo fanampiana amin'ny alalan'ny fiahiana sosialy , ny fahakelezan'ny vola azony avy amin'ny asa ataony ary, ny asa tsy mari-pototra sy tsy maharitra ataony. Ny fiatoana amin'ny asa dia midika ho azy ireo tsy fisian'ny fidiram-bola. Ho an'ny orinasa eo amin'ny sehatrasa tsy manara-dalàna dia mety hiteraka fahavoazana lehibe na faharendrehan'ny orinasa mihitsy aza ny fandehanan'ny mpiasa iray na maromaro ao aminy. Raha tratry ny aretina SIDA kosa ny tompon'ny orinasa ka marary ary maty noho izany dia mety ho lany amin'ny fitsaboana sy ny fandevenana ny volan'ny orinasa. Ho bankiropitra ny orinasa ka hiteraka fahantrana ho an'ireo mpiasa sy ny fianakaviany niankina tanteraka tamin'ny orinasa. Any ambanivolo indray, dia matetika ireo mpamboly no mikarakara ny marary fa tsy mandeha miasa tany. Ankilan'izany ihany koa anefa dia mihena be dia be ny vokatra azo noho ny fahafatesanan'ny mpamboly maro noho ny aretina SIDA, hany ka ahiana ny tsy fahampiana ara-tsakafo amin'ny ho avy. Amin'ny ankapobeny dia azo lazaina fa mitarika fihemorana ho an'ny orinasa any amin'ny sehatrasa tsy manara-dalàna ny fihenan'ny mpanjifa noho ny fahafatesana na ny tsy fahafaha-mividy noho ny fandaniana tsy maintsy atao amin'ny fitsaboan-tena.

**Ny havesa-danjan'ny toetra aseho manoloana ny firaisana ara-nofo**

Tsy mitovy ny fiantefan'ny VIH/SIDA eo amin'ny lehilahy sy eo amin'ny vehivavy . Ny toe-batana ara-boajanahary no mahatonga ny vehivavy ho mora andairan'ny aretina kokoa noho ny lehilahy. Ankoatra izany dia sarotra ho azy ireo ny miaro tena amin'ny aretina hany ka mitombo araka izany ny vokadratsy aterany.

- Maro ny vehivavy no mbola tsy mahaleo tena eo amin'ny lafiny fihariana (ka voatery miankin-doha ara-bola) no mbola fehezina ihany koa (tsy manana fanapahan-kevitra, tsy henoin-teny) eo amin'ny lafiny firaisana ara-nofo eo anivon'ny tokantranony.

- Ny tsy fisian'ny fifandanjan-kery eo amin'ny lahy sy ny vavy, eny an-toeram-piasana, dia mahatonga ny faneriterena hanao firaisana ara-nofo.

- Araka ny hita dia manampy trotraka ny fahamoram-pahavoazana manoloana ny SIDA ny fahantrana nefa dia vehivavy ny ankamaroan'ny mahantra maneran-tany. Ao anatin'ny ny tsy fahampiana dia ny ankizy vavy no voatery mijanona amin'ny fianarana na alefa hanao asa an-terivozona na hivaro-tena.

- Maro ireo vehivavy no tsy mahazo ny hafatra avy amin'ireny fandaharanasa fisorohana ireny noho izy ireo tsy mahay mamaky teny sy manoratra (betsaka noho ny isan'ny lehilahy ny isan'izy ireo). Any amin'ny firenena sasantsany dia avo roa heny ny isan'ny vehivavy tsy mahay mamaky teny sy manoratra raha oharina amin'ny an'ny lehilahy.

- Ny vehivavy no maro an'isa indrindra amin'ny mpifindra-monina anatin'ny firenena iray, ka raha isaina hatramin'ny ankizy dia manome ny telo

ampahefatry ny mpitsoa-ponenana ny tontaliny. Noho ny toetra maha mpifindra-monina na mpitsoa-ponenana dia mihoatra lavitra ny 50% ny salan'isa mety hahazoana ny tsimokaretina VIH. Any amin'ny tany misy fifandirana, dia fahita matetika ny fanolanana ny vehivavy ataon'ny mpifanandrina.

- Ny vehivavy sy ny tovovavy no miantsoroka matetika ny fitsaboana ireo havana na ny mpiara-monina marary. Noho izany, mitombo ny andraikitra no sady mihena ny fotoana ahazoany manao asa fitadiavam-bola na famitana ny fianarany.

- Ny vehivavy maty vady na nilaozam-bady noho izy mitondra ny VIH dia ianjadian'ny fahoriana ara-pivelomana tokoa noho ny fisian'ny lalàna manavakavaka eo amin'ny fizakam-pananana, ny fandovàna, ny fiahiana sy ny fanohanana. Mba hahazoany mivelona dia voatery mivaro-tena izy. Ny ankizy vavy kely no tena mora voahodina ary alefa hivaro-tena.

- Ny fanadihadiana natao rehetra no manambara fa ny vehivavy no matetika iharan'ny fanalam-baraka sy ny fanilikilihana noho ny SIDA, indrindra fa any ambanivolo. Voatery izy ireo mivaro-tena mba hivelomana noho izy ireo tsy misy mpiraharaha intsony.

- Tsy mizotra tsara araka ny tokony ho izy ny asa ataon'ny vehivavy noho ny SIDA : maro ny vehivavy miasa any amin'ny sehatrasa tsy manara-dalàna no tsy mahazo ny fiahiana sosialy sy ny fanohanana noho ny loza na ny aretina azo mandritra ny asa.

- Vitsy, tsy toy ny lehilahy, ny isan'ny vehivavy mahazo ny fanampiana fitsinjovam-piainana na ny tombotsoa amin'ny fiantohana noho ny aretina azo avy amin'ny asa.

- Noho ny hevi-diso sy ny fomba tsy mari-pototra izay raiki-tapisaka ao aminy, dia mihevi-tena ny lehilahy fa afaka mitaky ny fanaovana firaisana tsy voaaro na tsy ankasitrahan'ny olona iarahany.

- Eo amin'ny sokajin'ny mpiasa izay mora andairan'ny aretina dia mety ny lehilahy no maro an'isa. Noho ny toe-draharaha sahaniny, dia mety alaim-panahy izy ireo hanao firaisana tsy voaaro amin'ny samy lehilahy.

- Noho ny fifandanjan-kery tsy mitovy eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy, dia manana anjara bebe kokoa ny lehilahy amin'ny fandraisana andraikitra manoloana ny fepetra rehetra mikasika ny fisorohana sy fiatrehana ny VIH/SIDA ary ny famporisihana ny fihetsika rehetra ho amin'izany.

**Takila fanampiny II**

# Ady atao amin'ny aretina any an-toeram-piasana

### A. Fitandremana iombonana maneran-tany tokony ho raisina manoloana ny fikirakirana ny rà sy ny tsiranoka avy amin'ny tenan'olombelona

Tamin'ny taona 1985 no niantomboka ny fampiharana ny « fitandremana iombonana maneran-tany » (antsoina ihany koa hoe « fitandremana nekena ho hany fototra») ka ny ivontoerana mpanara-maso ny fahasalamana sy ny fisorohana ny aretina (CDC) ao Etazonia no namolavola izany noho ny valanaretina VIH/SIDA sy ho fiarovana ny mpiasan'ny fahasalamana amin'ny fifindran'aretina avy amin'ny fikirakirana ny rà. Avy amin'izany fomba vaovao izany no nampisy voalohany ny fampiharana maneran-tany ny fitandremana iombonana ho an'ny olona rehetra (mitondra na tsy mitondra ny tsimokaretina VIH) mikirakira rà na ny tsiranoka avy amin'ny tenan'olombelona.

Ny fitandremana fanao maneran-tany dia fepetra tsotra enti-miady amin'ny aretina ka tsy maintsy ampiharina mandrakariva rehefa misy fitsaboana atao ho an'ny marary mba hisorohana ny famindran'aretina avy amin'ny rà. Toy izao avy no atao amin'izany :

- mitandrina tsara rehefa mampiasa fitaovana maranitra (ohatra ny fanjaitra fanindromana) ;
- manasa tànana aloha sy aorian'ny fanaovana asa ;
- mampiasa fefy fiarovam-batana (gantanana, akanjo manokana, saron-tava) amin'ny fifampikasohana mivantana amin'ny rà sy ny tsiranoka hafa avy amin'ny tenan'olombelona ;
- manary amim-pahamalinana ireo faikan-javatra maloto ;
- manadio tsara araka ny fomba fanao ireo fitaovana voaloto avy nampiasaina ;

mandray ny lamba maloto araka ny tokony ho izy.

### B. Fitsipika fototra arahina sy fitandremana iombonana maneran-tany amin'ny ady atao amin'ny aretina

H.S Bednarsh et K.J. Eklund : « Infection control : Universal Precautions reconsidered », *American Dental Hygienist's Association* : Access (Chicago, 1995), vol. 11, n° 1.

Centers for Disease Control and Prevention (CDC)/National Center for VIH, STD and TB Prevention : *Preventing occupational HIV transmission to health care workers* (nohavaozina ny taona 1999).

South African Law Commisssion : Aspects of the law relating to AIDS (Project n° 85) : Universal work place infection control measures (Universal Precautions) (1997).

OMS : Guide concernant le SIDA et les premiers secours sur le lieu de travail, série OMS SIDA 7 (genève, 1990).

OMS/ONUSIDA/CII (Conseil internationl des infirmières) : *HIV and workplace and Universal Precautions*, Aide-mémoire sur le VIH/SIDA pour infirmières et sages-femmes (Genève, 2000).

**Takila fanampiny III**

## Lisitry ny fanaraha-maso ho fandrindrana sy fampandehanana ny tetikady momba ny VIH/SIDA any an-toeram-piasana

Ny mpampiasa, ny mpiasa ary ny fikambanana misy azy avy dia tokony hiara-hiasa amin'ny fomba mahomby sy matotra amin'ny famolavolana tetikady mampifandanja ny hetahetan'izy ireo. Izany tetikady izany, nahazo fanohanana avy amin'ny mpitondra ambony, dia tokony atao modely ho an'ny vondrombahoaka amin'ny fomba fitantanana ny VIH/SIDA. Ireto avy ireo hevi-dehibe, novoaboasana manomboka teo amin'ny fizarana faha-6 ka hatramin'ny fizarana faha-9, tokony ho hita ao anatin'ny tetikady : fampielezana vaovao mikasika ny VIH/SIDA sy ny fomba fifindran'ny tsimokaretina ; atrikasa fanabeazana hanazavana ny loza miandry ny tsirairay sy fametrahana ny paikady mampirisika ny fanaraha-maso ; fandraisana fepetra tsotra, mora ampiharina mampirisika sy mitarika amin'ny fiovam-pitondran-tena ; fepetra tsotra ahazoana mitsabo sy manome ny fanampiana ny mpiasa mitondra ny tsimokaretina na mararin'ny SIDA, na ny fianakaviany ; tsy fanekena ny hisian'ny fanilikilihana sy fanavakavahana, na dia kely aza, eny an-toeram-piasana.

Ny dingana tanisaina manaraka dia azo raisina ho lisitry ny fanaraha-maso amin'ny famolavolana tetikady sy fandaharanasa :

Atsangana ny komity misahana ny VIH/SIDA ka mandray anjara amin'izany ny solontenan'ny foibem-pitondrana ao amin'ny orinasa, ny mpitantana tsotra, ny mpiasa, ny sendika, ny sampandraharaha fitantanana ny mpiasa sy ny fanofanana, ny sampana fifandraisana amin'ny asa, ny sampandraharaha misahana ny fahasalamana anivon'ny asa, ny komity misahana ny fahadiovana ara-pahasalamana sy ny fiarovana ny olona voan'ny SIDA raha ekeny izany ;

Ny komity ihany no manapaka ny fe-potoana iasany, ny fahefana ananany sy ny andraikitra raisiny ;

Atao ny fandinihana ny lalàna mana-kery eo amin'ny firenena sy ny fampiharana izany eo anivon'ny orinasa ;

Ny komity no manatontosa ny fanombanana mikasika ny fiantraikan'ny VIH eo amin'ny toeram-piasana sy ny tinadin'ny olona mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA na voadona mafy noho izany rehefa nanao fanadihadiana mialoha tsiambaratelo;

Fantarin'ny komity ireo sampandraharaham-pahasalamana sy fampahalalam-baovao misy eo anivon'ny orinasa na eny anivon'ny vondrombahoaka ;

Manolotra volavolan-tetikady ny komity ; aely izany mba hiadian-kevitra,

amboarina sy ahitsy ary ankatoavina ;

Mamolavola tetibola ny komity, mitady famatsiam-bola ivelan'ny orinasa, mamantatra ny loharanom-bola azo ampiasaina eny anivon'ny vondrombahoaka ;

Mametraka soritrasa miaraka amin'ny fe-potoana ny komity ary mamaritra ao anatin'izany ny andraikitry tsirairay amin'ny fanatontosana ny asa ;

Ny fampielezana amin-kalalahana ny tetikady sy ny soritrasa dia atao amin'ny alalan'ny peta-drindrina, ny taratasy na tapakila kely ampanarahina ny taratasy fandraisan-karama, na tontosaina mandritra ny fivoriana manokana, ny fotoam-pampianarana na fanofanana ;

Manara-maso ny fiantraikan'ny tetikady ny komity ;

Manara-maso matetitetika ny paikady ny komity avy amin'ny alalan'ny fanaraha-maso anatiny sy ny zava-misy avy any ivelany mikasika ny tsimokaretina sy ny fiantraikany eny an-toeram-piasana.

Ny dingana tsirairay voatanisa eo ambony dia tokony ampidirina ao anatin'ny tetikady ankapobeny tsara rindra, ampiharina sy arahi-maso tsy tapaka.

**Takila fanampiny IV**

## Tahirin-kevitra avy amin'ny BIT

**Fanapahan-kevitra, fihaonambe, fivoriana sy tatitra**


BIT : *Action contre le VIH et le SIDA en Afrique : une initiative lancée dans le contexte du monde du travail*, araka ny tatitra mikasika ny atrikasa natao tany amin'ny faritr'i Afrika mikasika ny paikady enti-miady amin'ny vokadratsy ateraky ny VIH/SDA eo amin'ny lafiny sosialy sy asa, Windhoek (Namibie), 11-13 okt. 1999 (Genève, 1999).

—-. *Conclusions et recommandations de la réunion préalable au Forum de l'OIT sur le VIH/SIDA et le monde du travail*. Fivoriana momba ny fampivoarana ny faripiainanan'ny zanak'olombelona aty afrika, Addis-Abeba, des. 2000.

—-. *HIV/AIDS in Africa : the impact of the world of work (Genève, 2000)*.

BIT/Ministeran'ny Asa sy ny Tanora - Repoblika Mitambatra Tanzania : Tanzania : *Report for the national tripartite seminar for chief executives on stregthening workplace management in tackling employment implications of STI/HIV/AIDS* (Dar es-Salaam,2000).

BIT : *Plate-forme d'action sur le VIH/SIDA dans le contexte du monde du travail en Afrique : réunion-débat,* tatitra sy fehin-teny ny fivoriana fahasivy natao taty amin'ny faritr'i Afrika (Abidjan, 8-11 des. 1999), Conseil d'administration, 277ème session, Genève, 2000.

—-. *Rapport de la réunion d'expert sur la surveillance de la santé des travailleurs, 2-9 sept. 1997*, document GB. 270/6 (Genève,1998).

—-. *Résolution concernant le VIH/SIDA et le monde du travail*, Fihaonambe iraisampirenena momba ny asa, fihaonana faha-88, Genève 2000.

—-. *Réunion spéciale de haut niveau sur le VIH/SIDA et le monde du travail,* famintinana ny adi-hevitra nataon'ny vondrona ara-tekinika telo tonta, Genève, 8 jona 2000.

—-. *SIDA et milieu du travail : collecte de données au Togo* (Lomé, sept. 2000).

—-. *The extent and impact of the HIV/AIDS pandemic and its applications for the world of work in Tanzania*, tahirin-kevitra ho an'ny irakin'ny BIT ao Tanzania (Dar Es-salaam, sept. 2000).

—-. *The role of the organized sector in reproductive health and AIDS prevention*, tatitra avy amin'ny atrikasa notontosaina ho an'ny firenena afrikana miteny anglisy natao tao Kampala (Ouganda), 29 nov. - 1er des. 1994 (Genève, 1994).

—-. *Un travail décent*, tatitra nataon'ny Tale Jeneraly, Fihaonambe iraisampirenena momba ny asa, fihaonana faha-87, Genève, 1999.

—-. *VIH/SIDA : Une menace pour le travail décent, la productivité et le développement*, tahirin-kevitra naroso hiadian-kevitra tamin'ny fivoriana manokana sy avo lenta mikasika ny VIH/SIDA sy ny tontolon'ny asa (Genève, 2000).

Hodges-Aeberhard, J. : *An outline of recet developments concerning equality in employment labour court judges and accessors* (BIT, Genève, 1997), jereo « Specific developments concerning HIV/AIDS discrimination », pp. 27-31.

Hodges-Aeberhard, J. : *Policy and legal isssues relating to HIV/AIDS and the world of work* (BIT, Genève, 1999).

N'Daba, L., et Hodges-Aeberhard, J. : *HIV/AIDS and employment* (BIT, Genève, 1998).

*Rapport sur le séminaire OUSA/ONUSIDA/OIT sur l'action syndicale de lutte contre leVIH/SIDA en Afrique* (Accra, 26-28 jolay 2000).

**Fifanekena sy hafatrafatra azo ampiharina avy amin'ny OIT, amboara mirakitra ny torolàlana mora ampiharina avy amin'ny BIT**

Fifanekena (n° 111) mikasika ny fanavakavahana (asa sy anton-draharaha), 1958.

Fifanekena (n° 159) mikasika ny fanazarana sy ny famerenana eo amin'ny asa sy ny fampiasana olona sembana. 1983.

Fifanekena (n° 158) sy fehin-kevitra (n° 166) momba ny fandroahana mpiasa, 1982.

Fifanekena (n° 98) zo mikasika ny rafi-pandaminana sy ny fifampiraharahana iombonana. 1949

Fifanekena (n° 154) mikasika ny fifampiraharahana iombonana, 1981.

Fifanekena (n° 155) sy fehin-kevitra (n° 164) mikasika ny fiarovana sy ny fahasalaman'ny mpiasa, 1981.

Fifanekena (n° 161) sy fehin-kevitra (n° 171) momba ny sampandraharahan'ny fahasalamana eo amin'ny asa, 1985.

Fifanekena (n° 121) mikasika ny fanampiana ara-bola raha misy loza mitranga mandritra ny asa sy ny aretina azo noho ny asa, 1964.

Fifanekena (n° 102) mikasika ny fiahiana sosialy (fepetra faran'ny kely indrindra), 1952.

Fifanekena (n° 149) momba ny mpitsabo mpanampy, 1997.

Fifanekena (n° 97) mikasika ny mpiasa mpifindra monina (nasiampanavaozana), 1949.

Fifanekena (n° 143) mikasika ny mpiasa mpifindra monina (fanampiny), 1975.

Fifanekena (n° 175) mikasika ny asa voafetra, 1994.

Fifanekena (n° 182) sy fehin-kevitra (n° 190) mikasika ny karazan'asa faraidiny ampanaovina ny ankizy, 1999.

Amboara torolàlana mora ampiharina mikasika ny fiantsorohana ny resaka mikasika ny zava-pisotro mahamamo sy mahadomelina any an-toeram-piasana (Genève, 1996).

Amboara torolàlana mora ampiharina mikasika ny fiarovana ny filazalazana manokana momba ny mpiasa (Genève, 1997).

BIT : *Principes techniques et éthiques de la surveillance de la santé des travailleurs : principes directeurs*, sokajy maromaro mikasika ny fiarovana, ny fahadiovana sy ny fitsaboana eo amin'ny tontolon'ny asa n° 72 (Genève, 1998).

Amboara torolàlana mora ampiharina mikasika ny fitantanana ny fahasembanana eo an-toeram-piasana (mbola tsy mivoaka).

**Takila fanampiny V**

# Torolàlana iraisam-pirenena sy an'ny firenena tsirairay mikasika ny VIH/SIDA

## Iraisam-pirenena

Fihaonambe fandrindrana ny fampandrosoana ny faritra atsimon'ny Afrika (SADC) : *Code on HIV/AIDS and employment in the Southern African Development Community* (Zambie, 1997).

Filan-kevitra Eôropa, Komity erôpeana misahana ny fahasalamana : *Medical examinations preceding employment and/or private insurance : A proposal for European standards* (Strasbourg, mai 1999).

Family Health International : *Private Sector AIDS policy, business managing HIV/AIDS : A guide for managers* (Research Triangle Park, NC, 1999).

Haut Commissariat des Nations Unies aux droits de l'homme/ONUSIDA : *Directives internationales sur le VIH/SIDA et les droits de l'homme* (New York et Genève, 1998).

Nations Unies, Commisssion des Droits de l'homme : *Discrimination against HIV-infectd people or people with AIDS, tatitra farany nataon'Atoa Varela Quiros* (Genève, 28 jolay 1992).

Nations Unies : Fanapahan-kevitra laharana 54/283 mikasika ny fandinihana ny olana ateraky ny tsimokaretina manimba ny herin'ny fiarovana amin'ny tenan'olombelona sy ny fahasimban'izany hery fiarovana izany - Fivoriambe faha-54, New York, 14 sept. 2000.

OMS : *Guide concernant le SIDA et les premiers secours sur le lieu de travail, Série OMS SIDA n°7* (Genève, 1990).

OMS/OIT : *Déclaration de la consultation sur le SIDA et le lieu de travail* (Genève, 27-29 jona 1988).

ONUSIDA : *Guidelines for studies of the social and economic impact of HIV/AIDS* (Genève, 2000).

ONUSIDA : *SIDA et infection par le VIH, information à l'usage des fonctionnaires des Nations Unies et de leur famille* (Genève, 1999).

ONUSIDA/UIP (Union interparlementaire) : *Guide pratique à l'intention du législateur sur le VIH/SIDA, la législation et les droits de l'homme* (Genève, 1999), jereo « Directives internationales commentées ».

**Anivon'ny firenena**

Fitondram-panjakana

Centers for Disease Control and Prevention (CDC) : « 1999 USPHS/IDSA Guidelines for the prevention of opportunistic infections in persons infected with human immunodeficiency virus », *Morbidity and Mortality Weekly Report (MMWR)* (Atlanta), jereo takila fanampiny : « Environmental and occupational exposures », 20 aogositra 1999, vol. 48, n° RR-10, pp. 62-64.

Citizens commission on AIDS : *Responding to AIDS* : Ten principles for the workplace (New York and Northern New Jersey, 1988).

Ministeran'ny Asam-panjakana, ny Asa ary Fahalavorariana sosialy ao Zimbabwe : *Labour relations (HIV and AIDS) regulations* (Zimbabwe, 1998).

Ministeran'ny Fahasalamana sy fikolokoloana ny fari-piainan'ny olona ao Etazonia : Small Business guidelines : *How AIDS can affect your business* (Washington, DC, tsy misy daty).

Ministeran'ny Fahasalamana ao Afrika Atsimo/Community Agency for Social Enquiry (CASE) : *Guidelines for developing a workplace policy programme on HIV/AIDS* (mar. 1997).

Ministeran'ny Asa ao Namibia : *Code of good practice : Key aspects of HIV/AIDS and employment* (Namibie, 2000), n° R.1298.

Ministeran'ny Asa ao Namibia : guidelines for implementation of national code on HIV/AIDS in employment (Namibie, 1998) , n° 78.

Komitin'ny Aostralia andrefana : Code of practice on the management of HIV/AIDS and hepatitis at workplaces (West Perth, sept. 2000).

Fikambanan'ny mpampiasa

Christie A . : *Working with AIDS : A guide for business and business people* (Bradford et San Francisco, Employers' Advisory Service on AIDS & HIV, 1995).

Confédération des employeurs des Caraïbes : *A wake up call to employers in the Carribean*, fanehoana teo anatrehan'ny fivoriana ny momba ny VIH/SIDA sy ny MST any an-toeram-piasana (Suriname, aprily 1997).

Fédération des employeurs du Kenya (FKE) : *Code of conduct on HIV/AIDS in the*

*workplace* (Kenya, 2000).

Loewenson, R. (Tonian'ny famoahana an-tsoratra) : *Company level interventions on HIV/AIDS - 1. What can companies do ?* (Harare, Organisation de l'Unité syndicale africaine, 1997).

ONUSIDA/Conseil mondial des entreprises pour le SIDA/The prince of Wales Business Leaders Forum (PWBLF) : *The business response to HIV/AIDS : Impact and lessons learned* (Genève et Londres, 2000).

ONUSIDA : *PHILACOR Corporation : private sector HIV/SIDA respons (Philippines),* Fomba fanao Tsara Indrindra notontosain'ny ONUSIDA (Genève, 1999).

South African Motor Corporation (Pty) Ltd : SAMOR Policy/Letter on HIV/AIDS (19999).

United States Office of Personal Management : HIV/AIDS policy guidelines (Washington, DC, 1995).

Fikambanan'ny mpiasa

Confédération internationale des syndicats libres (CISL)/Fédération syndicale du Botswana : *The Gaborone trade union declaration on involving workers in fighting HIV/AIDS in the workplace* (Gaborone, sept. 2000).

Confédération internationale des syndicats libres (CISL) : Projet révisé de déclaration du Congrès : combattre le VIH/SIDA (document 17 GA/8.14, 1er aprily 2000).

Congrès du travail du Canada : *Enoncé de politique du CTC sur le SIDA en milieu de travail : un guide pour les syndicats et syndiqué(e)s* (Ottawa, 1990).

Congrès de travail des Caraïbes : *Role of trade unions in AIDS awareness, objectives and strategies,* déclaration du séminaire des Caraïbes sur les syndicats et le VIH/SIDA, sept. 1990.

Fédération américaine du travail et Congrès des organisations industrielles (AFL-CIO) : Resolutions on HIV/AIDS (1991 sy 1993).

Syndicat international du personnel des services publics : *Fighting AIDS discrimination through union action* (Washington, DC, 1996).

Syndicat national unifié des travailleurs manuels des administrations locales et centrales et des organismes para-étatiques (NALCGPMWU), Botswana : *Policy and workplace guidelines (tsy misy daty).*

**Takila fanampiny VI**

## Fehezan-dalàna sy torolàlana arakaraka ny seha-pamokarana


**Fambolena**

Barnett, T. : « Subsistence agriculture » dans A. Barnette, E. blas et A. Whiteside (responsable de publication) : *AIDS brief for sectoral planners and managers* (Genève, GPA/ONUSIDA, 1996).

Du Guerny, J. : *AIDS and agriculture in Africa : Can agricultural policy make a difference ?* Département du développement durable de la FAO (Rome, 199)

Shapink, D. : et autres auteurs : *Strategy to involve rural workers in the fight against HIV/AIDS through community mobilisation programs, draft for review*, antontan-taratasy niadian-kevitra nandritra ny atrikasam-paritra momba ny fandraisan'anjara ataon'ny mponina sy ny VIH/SIDA, jona 2000, République Unie de Tanzanie (Washingtn, DC, World Bank Rural HIV/AIDS Initiatives, 2000).

Southern Africa AIDS Information Dissemination Service (SAFAIDS) : *AIDS and African smallholder agriculture* (Zimbabwe, 1999).

**Fanabeazana**

Florida International University (FIU) Health Care and Wellness Center/FIU AIDS Committee : *Action guidelines for FIU employees, HIV/AIDS information* (Floride, 1999).

Health Care and Wellness Center de la FIU, et autres auteurs : *Action guidelines for students, HIV/AIDS information* (Floride, 1999).

Internationale de l'Education :*AIDS : Save the children and teachers*, fanapahan-kevitry ny filankevim-pitantanana mikasika ny VIH/SIDA sy ny fanabeazana (Bruxelles, 2000).

Kelly, M. J : « What HIV/AIDS can do to education, and what education can do to HIV/AIDS » (Lusaka, 1999), *Best Practices Digest*, site Web de l' ONUSIDA.

ONUSIDA : *Education sanitaire à l'école pour la prévention du SIDA et des MST. Un manuel pour les planificateurs scolaires* (Genève, 1992).

Sexuality Information and Education Council of the United States (SIECUS) : « HIV/AIDS peer education : New York City schools », *SHOP talk (Scholl Helth opportunities and Progress) Bulletin* (Brooklyn), 16 aogositra 1996, vol. 1, Issue 5.

University Queensland : « HIV policy and guidelines », *Handbook of university policies and procedures* (Brisbane, 2000).

Worl Consultation of Teachers' International Organizations : *Consensus statement on AIDS in schools* (tsy misy daty).

**Asam-panjakana sy tafika**

Agence des Etats-Unis pour le développement International (USAID) : *AIDS briefs, military populations* (Washington, DC, tsy misy daty).

Civil-Military Alliance (CMA)/ONUSIDA : *Winning the war against HIV and AIDS : A handbook on planning, monitoring and evaluation of HIV prevention and care programs in the uniformed sevices* (Genève, 1999).

Internationale des services publics : *Policy and program on HIV/AIDS for PSI affliates and public sector workers* (Ferney-Voltaire, 2000).

ONUSIDA : *Le SIDA et l'armée : point de vue*, collection Meilleures Pratiques de l'ONUSIDA (Genève, 1998).

United Nations Military Planners and Commanders/Département des Opérations de maintien de la paix de l'ONU et Civil-Military Alliance to Combat HIV/AIDS : *Policy guidelines on HIV/AIDS prevention and contro for United Nations military planners and commanders* (Genève, febr. 2000).

Vancouver Health Department : AIDS in the workplace, education programs for civic employees (Vancouver, 1990).

**Fandraisam-bahiny, fisakafoana sy fizahan-tany**

Agence des Etats-Unis pour le développement (USAID) : *AIDS briefs, tourism sector* (Washington, DC, tsy misy daty).

Associtaion Internationale de l'hôtellerie et de la restauration/Pacific Asia Travel Association/ONUSIDA : *The challenge of HIV/AIDS in the workplace : A guide for the hospitality industry* (Genève, et Paris, 1999).

Carribean Epidemiology Center (CAREC) : *HIV/AIDS in the workplace - a program for the tourism industry*, Carribean Tourism Health, Safety and Resource Conservation Project (CTHSRCP) (Trinité-et-Tobago, 2000).

Evans, C. : Private clubs and HIV/AIDS : *a guide to help private clubs cope with the effects of HIV/AIDS*, Premier Club Services Department, Club Managers' Association of America (Alexandria, tsy misy daty).

Moomaw, P. : « When an employee says, 'Boss, I have AIDS' », *Restaurants USA* (National Restaurant Association, Washington, DC), mars 1996.

OMS : *Report of the Consultation on international travel and HIV infection* (Genève, mars 1987).

OMS : *Statement on screening of international travellers for infection with human immunodeficiency virus* (Genève, 1988).

**Harena an-kibon'ny tany sy angovo**

Agence des Etats-Unis pour le développement (USAID) : *AIDS briefs, mining sector* (Washington, DC, tsy misy daty).

Anglo American Corporation of South Africa Limited: *HIV/AIDS policy* (1993).

Banque mondiale/Société financière internationale (SFI): *HIV/AIDS and mining,* site internet de la SFI.

Fédération internationale des syndicats des travailleurs de la cimie, des mines et des industries diverses (ICEM): *Rport and conclusions of workshop on HIV/AIDS* (Johannesbourg *, 2001).*

**Fahasalamana**

Agence des Etats-Unis pour le développement (USAID) : *AIDS briefs, health sector* (Washington, DC, tsy misy daty).

CCI (Conseil International des Infirmières) : Comment réduire l'impact du VIH/SIDA sur les infirmières et les sage-femmes (Genève, 1996).

Centers for Diseas Control and Prevention : « Guidelines for prevention of transmission of human immunodeficiency virus and hepatitis B virus to health-care and public-safety workers », *Morbidity and Mortality Weekly Report* (MMWR) (Atlanta), 23 jona 1989, vol. 38 n° 5-6.

Centers for Diseas Control and Prevention (CDC) : « Public health service guidelines for the management of health care worker exposures to HIV and recommendations for post-exposure prophylaxis », *Morbidity and Mortality Recommendations and Reports* (Atlanta, 1998), vol .47, n° RR-7.

Centers for Diseas Control and Prevention : « Recommendations for prevention of HIV transmission in helth-care settings », *Morbidity and Mortality Weekly Report* (MMWR) (Atlanta, 1998), 21 aogos. 1987, vol. 36, n° 2.

Garner, J. S. : *Guidelines for isolation precautions in hospitals, Hospital Infection Control Practices, Advisory Committee*, CDC (Atlanta, 1996).

OMS/OIT : *Statement from the Consultation on action to be taken after occupational exposure of health care workers to HIV* (Genève, okt. 1989).

**Sehatra an-dranomasina sy fitaterana**

Aerospace Medical Association Human Factors Committe AsHFC) : *Neurobehavioural testing of HIV infected aviators*, projet de note de position (Alexandria, 1996).

Bikaako-Kajura, W. : AIDS and transports : *The experience of Ugandan road and rail transport workers and their unions*, Fédération internationale des ouvriers du trasport (Londres, 2000).

Fédération internationale des ouvriers du trasport : *Proposals for a policy on HIV/AIDS prevention and care for transport workers in Uganda* (Londres, 2000).

Nueva Era en Salud, Civil-Military Alliance (CMA) to Combat HIV/AIDS : *The Panamanian International Maritime and Uniformed Services Sector STD/HIV/AIDS Project, executive summary* (1998).

OMS/OIT : *Consensus statement from the Consultation on AIDS and seafarers* (Genève, okt. 1989).

Philippine Seamen's Assistance Program (PSAP)/ITF Seafarers' Trust : *PSAP AIDS education program for Filipino Seafarers* (Rotterdam, tsy misy daty).

Yeager, R., et Norman, M. : « HIV and the maritime - Seafarers and seaport workers : A hidden population at risk », *Civil-Military Alliance Newsletter* (Hanover, NH), okt., vol. 3, n° 4.

Yeager, R. : *Inter-Organization Policy Meeting on Development of HIV/AIDS Prvention in the Maritime Sector*, document d'information (Londres, okt. 1997).

**Takila fanampiny VII**

## Fitaovam-panabeazana sy fampitam-pahalalana sy torohay notsongaina

Canadian AIDS society/Syndicat canadien de la fonction publique : *ACT NOW : Managing HIV/AIDS in the Canadian workplace - a policy development and education manual* (1990).

Fédération américaine des enseignants : *HIV/AIDS education project* (Washington, DC, tsy misy daty).

Fédération américaine des agents de l'Etat : *An AFGE guide : Women and HIV/AIDS* (Washington, DC, tsy misy daty).

Fédération américaine du travail et Congrès des organisations industrielles (AFL-CIO) : *AIDS in the workplace : Labor's concern* (Washington, DC, tsy misy daty).

Internationale des services publics : *Focus* (Ferney-Voltaire), vol. 8, n° 1.

Leather, S. : « Why AIDS is a trade union issue », *Scientific world*, 1992, vol.36, n°2.

ONU, Département des opérations de maintien de la paix : « Module 1 : Defining HIV and its impact on the military », *HIV prevention and behaviour change in interational military population* (New York, 1999).

ONUSIDA : Le VIH/SIDA sur le lieu de travail *: En quête de solutions novatrices dans les entreprises*, collection Meilleures pratiques de l'ONUSIDA (Genève, 1988).

Rosskam, E. : *AIDS and workplace*, un des modules de *Your health and safety at work* : A modular training package (BIT, Genève, 1996).

South African Motor Corporation (Pty) Ltd : Handbook on HIV/AIDS (2000).

Syndicat américain des travailleurs des communications : CWA and US West respond to AIDS (1994).

Syndicat canadien de la fonction publique : Trousse d'information sur le SIDA et le VIH au travail (Ontario, 2000).

Syndicat international du personnel des services publics : AIDS education project (tsy misy daty).

Syndicat international du personnel des services publics : HIV/AIDS book : Information for workers (1991).

Syndicat national des travailleurs namibiens (NUNW) : HIV/AIDS basic training manual (Namibie, 1995).

The Building Trades Group of Union Drug & Alcool Committee : AIDS : Get real, get safe (Sydney, tsy misy daty).

Witeside, A., et Sunter, C. : AIDS - The challenge for South Africa (Human & Rousseau, Le Cap et Tafelberg , 2000).

Imprimerie NIAG, tél : 22 204 20 / 22 660 41 • DLI n° 054-10/2007 • Tirage : 300ex